

HERINANDRO FIARAHA-MIVAVAKA

SAMPANA MIADIDY NY VEHVAVY, IOUC

04 - 11 Jona 2016

Teny Fampidirana



Ry Rahavavy Malala,

Raha tsy maintsy hanontany anao aho hoe nanao ahoana iny taona farany iny ho anao, tsy fantatro mety ho firy ny alina nitomanianao irery na ny maraina izay nifohazanao ka nahatsapanao fihetsehampo fa toa vesaran'ny lanjan'izao tontolo izao eo an-tsorokao. Firy ny nofinofy tsy tanteraka, fifandraisana tapaka, fatiantoka ara-bola nihatra taminao? Impiry impiry moa ireo olona tena akaiky anao no namadika anao ka namela anao ho irery teo amin'ny fotoana tena ilanao azy ireo indrindra? Ao koa ireo izay rera-tsaina noho ny olana ara-pifandraisana mahazo azy. Betsaka ireo zavatra mitranga eo amin'ny fiainantsika isan'andro. Tsy fantatro hoe aiza ho aiza ny dia ara-panahinao manoloana ireo olana marobe ireo ary manao ahoana ianao amin'izao fotoana izao. Mety ho maro amintsika no mbola ao anatin'ny fijaliana sy ny fanaintainana. Mifanehatra amin'ireo toe-javatra izay mety tsy hisy fanovana mihitsy isika ary tsy manam-pahataperana ny lisitra amin'izany! Manoloana ireo olana sy ady atrehintsika ireo, ny fihetsehampo asetrintsika izany dia mety ho fahakiviana, fahatezerana, na koa fiainana ao anaty fangidiana sy fahakiviana na koa mety hamaly faty isika.

Na izany aza anefa, misy zavatra iray izay azo antoka ary tena amimpahatokiana no ilazako izany aminao fa manana Ray mahafantatra sy mahalala ny zavatra rehetra isika, izay tia antsika ary mikarakara antsika mihoatra izay mety ho eritreretintsika. Tsy tiany ny hitondrantsika na hametrahantsika ireo kapoaky ny fanaintainana, alahelo, nenina sy ny ahiahy etsy sy eroa mandritra ny androm-piainantsika rehetra. Tiany ny hamelantsika ireo kapoaka mangidy ireo izay manakana antsika tsy handeha an-kalalahana eto amin'ity fiainana napetrany eo anoloantsika ity. Fiainana izay misedra zava-tsarotra, kanefa kosa feno fanantenana sy fahatokiana ary finoana Ilay nahary antsika, Ilay afaka hitondra antsika ho any amin'ilay tanjona farany.



Margery **HERINIRINA**
Talen'ny MIFEM, IOUC

Mandritra ity herinandro fiaraha-mivavaky ny MIFEM 2016 ity, dia manana hafatra manokana ho anao sy ho ahy Andriamanitra. Na inona na inona entamavesatra eo amintsika, na manao ahoana na manao ahoana mety ho vesatr'izany, dia tian'Andriamanitra ny hamelantsika ireo entamavesatry ny fanahiana sy lolom-po izay mitambesatra eo amintsika ireo. Henoy ny feon'ny Tompo, efa tsindrin-daona te hiresaka amintsika Izy.

Mirary herinandro fiaraha-mivavaka mahafinaritra sy feno fisaintsainana ho antsika rehetra!

AMBANGOVANGONY:

Sabata 1: AOKA HO AFAKA AMIN'NY VESATRY NY HELOKA, NENINA ARY NY HENATRA, t. 02

Alahady: MANDRESY NY FO LENTIKA (FANGIDIANA) SY NY FAHATEZERANA, t. 04

Alatsinainy: MANADINO NY LASA, t. 06

Talata: MAHITA FIFALIANA AO ANATY ZAVA-POAN'NY FIAINANA, t. 07

Alarobia: MAMELA NY TROSA MADIODIO.....!, t. 09

Alakamisy: KATSAHO NY ZAVATRA ANY AMBONY, t. 12

Zoma: HERY HAMELANA HELOKA, t. 15

Sabata 2: MANGETAHETA NY RANO VELONA VE IANAO, t. 18



HERINANDRO FIARAHA-MIVAVAKA SABATA VOALOHANY

*Aoka ho Afaka amin'ny Vesatry ny Heloka sy
ny Nenina ary ny Henatra*

«Raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mahatoky sy marina Izy
ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin'ny tsi-fahamarinana rehetra.»
- 1 Jao. 1:9

Ity toriteny anio ity dia hahitantsika:

- Ny tanjon'ny fibebahana
- Ny herin'ny fibebahana
- Ny teny fikasana ao amin'ny fibebahana

Ity tantara ity dia mahakasika zazalahy iray izay tsy nankato an-dreniny. Tsy hoe satria izay no sitrapony fa tsy afaka manao izy. Zazalahy 9 taona i Jaona. Nobeazina tao anatin'ny tokantrano kristianina izy. Nampianarina azy sy nampahatsiahivina azy isan'andro ny tombambidy maha-kristianina sy ny didy folo. Rehefa miresaka ny momba azy ny ray aman-dreniny dia milaza fa zaza hendry izy. Tao an-dakozia izy sy ny reniny indray andro. Naneno ny finday. Nangataka azy ny reniny mba hanohy hampifangaro ny saosy satria handray ilay antso izy. Nahafinaritra sy nahaliana azy ny hanao izany saingy indro hitany dia fa niakatra ny hafanana teo amin'ilay fatana, nangotraka ilay saosy, may ny tanan'i Jaona. Navotsony ilay sotro ary nilatsaka tao anaty saosy izany. Sady nitomany izy no niteny tamin'ny reniny nanao hoe: "Tsy vitako ilay zavatra nampanaovina ahy. Tsy hoe satria tsy te hanao ilay izy aho fa tsy vitako intsony ny nitazona ilay izy."

Andeha hodinihantsika ny tenin'Andriamanitra ka hihaino an'i Jaona isika raha mampianatra antsika izy mahakasika...

I. NY TANJONA HO AMIN'NY FIBEBAHANA (and. 9: "Raha miaiky ny fahotantsika isika...") - Fanetren-tena

Mba hahazoantsika mahatakatra ny tanjon'ny fibebahana dia ilaintsika ny mahafantatra ny tian'i Jaona hambara mahakasika izany. Raha dinihina akaiky io andininy io, dia hanampy antsika izany hahatakatra ny fampianarana nataon'i Jaona...

• "Raha": Milaza izany fa ny fibebahana dia asa atao an-kalalahana ary tsy atao an-tery. Na ny olon-kafa, na Andriamanitra dia tsy afaka manery ny tenantsika ho amin'izany.

• "Isika" / "-ntsika": Natao ho an'ny rehetra ny fibebahana; samy efa nanota ny rehetra ary samy tompon'andraikitra amin'ny fahotany.

• "Fahotana": Ny antom-pisian'ny fibebahana dia ny nisian'ny fandikàna ny tenin'Andriamanitra. Mariho ny andininy 6 sy 8. Mampahatsiahy antsika izany fa mpanota isika. Ny tena tanjon'io andalanteny io dia ny hanolotra vahaolana ho antsika amin'ny olana izay manoloana antsika.

• "Miaiky": Manaiky fa nanao ratsy; mandray andraikitra manokana amin'izany ratsy natao izany.

Ny atao hoe fibebahana dia: Manaiky sy mandray andraikitra manoloana ny fahotana natao, asa atao an-tsitrabo izany.

Hitantsika ary ny famaritana ny atao hoe "fibebahana". Inona kosa ary ny tanjon'izany?

Maneho amintsika i Jaona fa mpanota isika. Manao izany izy satria raha mahatsapa tena ho mpanota isika, dia hanapa-kevitra ny hibe-baka eo anatrehan'Andriamanitra ary hiala amin'ny fahalotoana sy ny vesatry ny fandikan-dalàna. Ny tanjon'ny fibebahana dia ny fanetren-tena.

Rehefa avy nahare toriteny mahakasika ny fibebahana ny lehilahy iray dia nanatona ny mpitandrina. Tsy nandry mantsy ny eritreriny. Niasa tao amin'ny toerana fanamboarana sambo iray izy. Nangalatra zavatra sarobidy tao izy.

Tsy azony nolazaina tamin'ilay mpanamboatra sambo izany: o Very asa izy.

o Nanomboka nihevitra ny tenany ho mpihatsaravelatsihy izy; ary isaky ny nizara ny finoako taminy aho dia lany fotoana fotsiny.

Nony farany, nankarary azy ny fahatsapan-tena ho mpanota, hany ka nibe-baka izy. Nosoloiny ilay zavatra nangalariny.

Hoy ilay mpampiasa taminy:

"Andriamatoa ô, efa fantatro hatry ny ela fa mpihatsaravelatsihy ianao. Saingy izao aho vao mahita fa hay misy dikany ihany ny maha-kristianina anao. Ny fivavahana izay nahataona ny lehilahy tsy mahatoky iray hiverina ary hibe-baka noho ny ratsy nataony ka hanonitra izany dia fivavahana manana ny maha-izy azy tokoa."

Mitahy izay manana fanetren-tena Andriamanitra...

• Mahatonga antsika hanetry tena ny fibebahana: Maneho antsika ny maha-isika antsika sy ny maha-Andriamanitra an'Andriamanitra izany.

• Ny fibebahana dia mamela an'Andriamanitra hanova antsika: Andriamanitra no miasa amin'ny fanovàna antsika fa tsy isika.

• Ny fibebahana dia mahatonga ny fahasoavana hiasa eo amin'ny fiainantsika: tsy misy fotoana maha-ety dia ety antsika amin'Andriamanitra mihoatra ny fotoana izay ampandohalehantsika ny lohalitsika ary hangatahantsika fibebahana ny amin'ny fahalementsika sy hery avy aminy.

• Ny fibebahana dia manafaka antsika: ny fahotana dia fitaovana mahery vaika eny am-pelatànan'ny fahavalo. Mandrapahatongantsika ho amin'ny fibebahana dia miaina ao anatin'ny vesatra sy ahiahy isika. Ampiasain'i Satana izany vesatra izany mba hampahatsiahivany ilay olona fa mpanota loatra izy ka tsy afaka mivavaka sy manatona an'Andriamanitra.

Etsy an-kilan'izany kosa anefa dia ampiasain'Andriamanitra izany fahatsapan-tena ho mpanota izany ho fitaovana hahatrarany ny tanjony eo amin'ny fiainan'ny mpanota iray. Ny tanjona dia ny hitondrana antsika ho eo amin'i Kristy satria rehefa manao izany isika vao ho afaka amin'izany zavatra mitambesatra amintsika izany.

Rehefa fantatsika àry izao ny tanjon'ny fibebahana dia andeha hojerena indray ...

II. NY HERIN'NY FIBEBAHANA (and. 9: Mahatoky sy marina Izy ka mamela ny fahotantsika...) - Famelan-keloka

Firy aminareo no mahafantatra fa misy hery ao amin'ny fibebahana? Ny fanalahidy hahafantarana izany hery izany dia ao amin'ny andininy 9.

"Izy": Ny herin'ny fibebahana dia tsy ao anatintsika fa avy Aminy.

"Mahatoky sy marina": Manome hery ho an'ny mahatoky sy marina Andriamanitra.

"Ho": Ny hery dia azo antoka fa horaisin'ireo izay mibe-baka noho ny fahotany. Tsy misy mampisalalala ny amin'izany.

"Mamela ny fahotantsika": Ilay hery dia ny famelana ny helo "-tsika".

Miezaka ny mampahafantatra antsika i Jaona fa ny herin'ny fibebahana dia ny famelana ny fahotantsika. Ao anatin'izany anefa dia asehon'i Jaona fa ny herin'ny fibebahana dia hita ao amin'izay mahatoky sy marina.

Na ny tsy mpino aza dia mahafantatra fa misy hery ao amin'ny fibebahana. Mibebaka amin'ny mpitsabo saina izy ireo, amin'ny dokotera, amin'ny mpitaiza, amin'ny mambran'ny fianakaviana ary amin'ny namana.

Ny fanantenany dia ny hialan'ny vesatra izay mitambaby ao aminy, saingy raha tsy eo ny herin'ny famelan- keloka ao amin'i Kristy dia zava-poana ihany izany.

Izao no lazain'ny mpanao Salamo: *"Taminao dia taminao irery ihany no nanotako"*. Tsy maintsy mandray famelan-keloka avy amin'ilay tokana nanaovantsika fahotana isika.

Maniry ny handray famelan-keloka ianao androany? Mavesatra ve ny entana lanjainao? Ity misy lalana hahazoanao fanasitranana.

- Mitadiava toerana milamina sy mangina.
- Teneno mafy ny fahotanao (ianaosy Andriamanitra irery ihany io).

- Raiso ny teny fikasan'Andriamanitra rehefa miteny aminao izy fa hamela ny fahotanao.

Ny herin'ny fibebahana dia ny famelan-keloka avy amin'i Kristy.

Hitantsika ary izao ny herin'ny fibebahana. Farany ary, andeha hodinihina ...

III. NY TENY FIKASANA AO AMIN'NY FIBEBAHANA (and. 9: *Manadio antsika ho afaka amin'ny tsy fahamarinana rehetra*) - Fanadiovana

Tsy nanoro hevitra fotsiny i Jaona fa nanome teny fikasana koa. Miantomboka amin'ny famelan-keloka ilay teny fikasana ary miafara amin'ny fanadiovana tanteraka. Andeha hasehoko anao hoe inona no hevitr'izany:

"Sy": Io teny io dia maneho amintsika fa ny famelan-keloka dia tsy fiakaran'ny teny fikasana, fampanantenana avy amin'Andriamanitra ho an'izay manetry tena.

"Manadio": Manafaka amin'ny fahotana, loto, henatra sy ny fiafenana.

"Antsika": Mihatra amin'ireo izay mankatò ny fampianarana nomena teo izany.

"Rehetra": Tsy misy fetra ny fanadiovana izay omena antsika eto.

"Tsy fahamarinana": Fahotana amin'Andriamanitra.

Andeha isika hiaraka hanakatra ny tian'i Jaona hambara. Milaza i Jaona fa ny famelan-keloka, raha mandeha irery, tsy misy fanadiovana avy amin'i Kristy, dia tsy manan-kery. Ambarany fa na inona na inona zava-bitantsika, ny zava-dehibe dia izay hataontsika manoloana izany. Ny teny fikasana ao amin'ny fibebahana dia ny hanadiovana antsika.

Sary an'ohatra:

Tsikaritrao ve fa mahafinaritra ny mitondra fiara madio tsara? Ilay fiara efa tonta teo, ilay loko teo ihany, ireo seza tao anatiny ihany, saingy toa mahafinaritra ery ny mitaingina azy satria nodiovina ilay izy.

Averimberina ary rentsika miverimberina ao amin'ny Soratra Masina ny hoe: *"Diovy!"* Hafatra nentin'i Jaona mpanao batisa izany. *"Raha tsy ho sasako ianao dia tsy hanana anjara amiko"*, hoy Jesôsy tamin'i Petera. Raha tsy sasana madio isika dia ho faty noho ny loton'ny fahotana.

Nataon'Andriamanitra tao am-poko androany ny hiantso anao hosasana amin'ny ra, tsy mba hamelan' Andriamanitra ny fahotanao ihany, fa ny mba hanadiovana anao sy hamerenana anao amin'ny laoniny indray.

Tsy hisy anefa izany raha tsy mibebaka ny amin'ny fahotantsika isika.

Famintinana

1. Ny tanjon'ny fibebahana: Ny hileferanao eo amin'Andriamanitra (Fanetren-tena)

2. Ny herin'ny fibebahana: Ny famelana ny fahotana ao amin'i Jesôsy (Famelan-keloka)

3. Ny teny fikasan'ny fibebahana: Ny fanadiovana, ny fanesorana ny fahalotoana (Fanasana)

Fintina:

Voasasa ve ianao androany? Nesorin'Andriamanitra ve ny vesatry ny loto sy ny henatra satria nanatona azy tamin'ny fo manetry tena ianao? Raha tsy izany, nanova ny fomba fihevitrao ve Andriamanitra androany?

(Ampirisiho ny olona hanokana fotoana hivavahana sy hanetry tena ho amin'ny fibebahana.)

- Tsy ilainao ny miaina fiainana feno fahalotoana.
- Tsy nantsoina hiaritra samirery ianao ary hizaka ny vesatry ny fahotanao.

- Tsy misy zavatra azonao afenina an'Andriamanitra koa anefa.

Sary an'ohatra:

Nandre tantara mahakasika ny lehilahy iray izay nadroba banky aho. Niandry tsara izy ho tonga amin'ny toerana malalaka sy mangina vao nanokatra ilay lasaka. Vao nosokafany ilay izy dia nipoaka ary niparitaka ny loko rano mitankosina, sarotra sasana avy ao. Feno mangamanga ny tenany, hatrany antampon-doha ka hatrany am-paladia. Isan'andro isan'andro izy dia nanao izay azony hatao hamafana izany loko izany tamin'ny vatany saingy very maina ny ezaka nataony. Nanana vola be izy saingy tsy afaka nankany an-tranony akory satria nanahy izy sao dia ho hitan'ny mpitandro filaminana ka hogadrain'izy ireo. Ilay loko dia nampahatsiahy azy ny maha-izy azy sy ny zavatra nataony. Ny fahatsapan-tena ho mpanota, sy ny mahakasika ny zavatra nataony dia zary nankarary azy. Nitoka-monina izy noho ny loko teo amin'ny vatany ary noheverina ho adala.

Farany, tsy tantiny intsony ilay loko tamin'ny tenany ka nisafidy ny hitolo-batana any amin'ny mpitandro filaminana izy. Nony tany am-ponja izy dia nahatsapa tena ho afaka amin'ny vesatry ny ratsy izay nataony.

Mety ho toy izany lehilahy izany ianao androany. Tsy hoe nadroba banky akory ianao, ary tsy hoe feno loko ny vatanao iray manontolo saingy ny tsirairay avy amintsika dia samy manana fahotana izay mitambesatra aminy avokoa. Fahotana izay mety ho efa notehirizina ela tao ary tsy nibebahana izany. Fahotana izay mety hampitoka-monina antsika mihitsy ary haalasa adala antsika ka hahatonga antsika hanao toa an'i Jaona kely hoe tsy tantiko intsony ity zavatra ity.

Androany dia maniry ny hanentana anao aho fa misy fanadiovana miandry anao. Fanadiovana izay hanala ny loko manga tsy mety miala amin'ny vatanao noho ny fahotana eo amin'ny fiainanao.

Antso ho fampiharana:

Hanatona ny seza fiandrianana ve ianao anio? Avelanao ve Andriamanitra hanala ny loko manga izay mitankosina amin'ny tenanao ary hanolo izany amin'ny akanjo fotsy... Hiaraka amiko ve ianao...

(Manokàna fotoana hahafahan'ny rehetra mibebaka amin' Andriamanitra. Avelao ny tsirairay hanana fotoana hivavahana amin'Andriamanitra mba hanadiovany ny tsirairay).

ANTOM-BAVAKA MANOKANA



1- Vavaka ho an'ny vehivavy rehetra – ny fiainany ara-panahy, fiainany amin'ny ankapobeny, ary ny fiainany ara-pitiavana.

2- Vavaka ho an'ny zatovovavy – ho an'ny hoaviny – ny fianarany – ny fiainany ara-pitiavana – ny safidy amin'izay ho andefimandriny – ny fiainany ara-panahy.

Pasitora Nelson Andrew Joubert



Mandresy ny Fo Lentika (Fangidiana) sy ny Fahatezerana

« Esory aminareo ny fo lentika (fangidiana) rehetra sy ny fahavinirana sy ny fahatezerana sy ny fitabatabana sy ny fitenenan-dratsy ary ny lolompo rehetra; ary aoka samy halemy fanahy amin'ny namany avy hianareo, ka hifampiantra sy hifamela heloka, tahaka ny namelan'Andriamanitra ny helokareo ao amin'i Kristy.» - Efes. 4:31-32:

Fampidirana

Noho ny fisian'ny fahotana dia miatrika olana maro samihafa isika rehetra. Mety ho ara-batana, ara-tsaina, ara-pihetseham-po na ara-panahy izany. Anisan'ireo olana izay miteraka fihetseham-po sy fihetseham-po miserana miavaka ny lolom-po sy ny fahatezerana.

Ny fahatezerana dia fihetseham-po miserana izay, raha tsy voafehy dia mety hivadika fihetseham-po fo lentika (fangidiana).

Araka izany, tsara raha omena famaritana ny hoe fihetseham-po miserana sy ny hoe fihetseham-po. Andriamanitra Izy tenany dia manana fihetseham-po miserana. Izy no nametraka ao anatintsika ireo endrika fironana ireo izay mahatonga antsika ho noforonina araka ny endriny.

Ireo mpandinika ny toetran'ny olombelona (psychologues) dia naneho fa ny olombelona dia manana ireto fihetseham-po miserana dimy ireto: ny fifaliana, ny alahelo, ny tahotra, ny hatezerana ary ny faharikorikoana. Ireo fihetseham-po miserana ireo dia tsy miabo na miiba; mijanona eo anelanelany izy ireo ary miseho araka ny toe-javatra sy ny zava-miseho. Ara-pironana izy ireo fa tsy ara-tsaina.

Izany no mahatonga ny fahatezerana tsy ho fahotana satria fihetseham-po miserana izy io. Andriamanitra aza mba tezitra, nefa hoy i Paoly hoe rehefa tezitra ianareo dia «*aza manota*».

Mifanohitra amin'izay kosa, rehefa mifangaro amin'ny saina ny fihetseham-po miserana (émotions), dia teraka ny fihetseham-po (sentiments). Ny fihetseham-po dia fitambaran'ny fihetseham-po miserana sy ny fisainana izay mety hiiaba na hiabo. Rehefa miditra an-tsehata ny fisainana, dia miteraka fihetseham-po tsara na fihetseham-po ratsy. Noho izany ny lolom-po, ny fankahalana, ny fahasiahana dia fihetseham-po miiba izay tokony halavirin'ny kristianina.

Amin'ny ankapobeny dia voajanahary amin'ny vehivavy ny "intuition" ary mora mihetsi-po kokoa noho ny lehilahy izy. Matetika dia tsy mahay manafina ny fihetseham-pony ny vehivavy. Noho ny toe-batany sy ny toe-pony, ny vehivavy dia miaina ny fihetseham-pony miserana lalindalina kokoa noho ny lehilahy.

Ilaina araka izany ny hitantanany tsara ny fihetseham-pony miserana sy ny fihetseham-pony mba hisian'ny fifandraisana tsara sy mivelatra amin'ny hafa.

Ao amin'ny epistily nosoratan'i Paoly ho an'ny Efes. (4:31-32), dia mandefa antso ho an'ny mpino rehetra ny Apôstôly hahatonga ireto farany ho afaka amin'ny fihetseham-po miiba amin'izy samy izy.

Eo amin'ny andininy faha-32, dia manoro hevitra antsika hivelona amin'ny fiainana araka ny toetran'Andriamanitra izay feno hatsaram-panahy sy firaisam-po ary fanahin'ny famelan-keloka amin'ny namantsika izy.

1. Ny fo lentika (fangidiana)

Ny fo lentika dia fifangaroan'ny hatezerana sy ny fikomiana ary ny alahelo eo anatrehan'ny fangirifiriana

na mihatra amin'ny tena noho ny tsy rariny. Tehirizina amin'ireny fanandramana ireny ny fangidiana satria heverintsika fa ireo tompon'andraikitra (amin'ny ankapobeny dia ailika amin'ny hafa ny andraikitra fa tsy amin'ny tena) dia tokony ho nisoroka izany tsy hihatra amintsika. Tehirizina koa ny fangidiana satria mijanona ho gadran'ireo fihetseham-po ireo ny tena, fihetseham-po izay manapoizina ny fisaintsika hatrany hatrany. Amin'ny mahampifanindran-dalana ny lolompo sy ny fo lentika (fangidiana), dia miaraka foana izy ireo ary tsy manao afa-tsy ny manapoizina hatrany ny toe-javatra, mandrava ny fifandraisana ary matetika mifafara amin'ny herisetra amin'ny teny sy ara-batana. Matetika dia miseho ny fo lentika (fangidiana) rehefa miatrika fitsapana eo amin'ny fiainana isika, rehefa toa maizina ny zava-drehetra, rehefa tsy mahita vahaolana amin'ireo olana mahazo antsika isika, rehefa mamoy hava-malala isika, na very asa; raha tsorina dia rehefa tonga fangirifiriana ny fiainana. Ao amin'ny bokin'i Rota 1 :20, dia milaza ny fahatsapany i Naomi: «*Aza atao hoe Naomi intsony aho, fa ataovy hoe Mara, satria mangidy indrindra no nataon'nyTsitoha tamiko*».

I Naomi izay midika hoe "feno fahasoavana" dia nanova ny anarany hoe "Mara" izay midika hoe "fangidiana" taorian'ny namoizany ny vadiny sy ny zanany roalahy. Diso fanantenana izy; nieritritra izy fa tsy hanana mpandova hitohizan'ny anarany eo amin'ny Isiraely ka ho foana mandrakizay ny taranany.

Ny fangidiana dia tsy tokony hokolokoloin'ny kristianina satria mitondra amin'ny fahakiviana sy ny fikorotanana-tsaina. Rehefa miseho ny fangidiana, dia izay no fotoana hitodihana misimisy kokoa amin'Andriamanitra mba hanesorana azy ao an-tsaina, satria hoy Jesôsy amintsika hoe: «*Mankanasa aty Amiko, hianareo rehefa izay miasa fatratra sy mavesatra entana, fa izaho no hanome anareo fitsaharana*» - Mat. 11:28.

Raha nanangana taranaka ho an'i Naomi Andriamanitra tamin'ny alalan'i Rota vinantovaviny, Boaza ary Obeda izay anisan'ny razamben'i Jesôsy Kristy, dia mbola afaka koa izy ankehitriny hanasitrana ny ratram-pontsika, hanatsara ny fifandraisantsika ary hanome antsika fanantenana.

2. Ny hatezerana

Ny hatezerana dia fihetseham-po miserana izay matetika milaza tsy fahafaham-po. Azo hamarinina izy rehefa noranitin'ny tsy rariny. Fomba fiarovan-tena izay nomen'Andriamanitra antsika koa izy io mba hijoroantsika hanoherana ny ratsy.

Tezitra i Jesôsy tao amin'ny tempoly rehefa nanao ny tranon'Andriamanitra ho «fieren'ny jiolahy» ny mpivarotra sy ny mpanakalo vola ary ny mpisorona. Na izany aza dia mety hiteraka fihetseham-po miiba koa ny hatezerana: valifaty, fankahalana, herisetra sns...

Ny hatezerana dia fihetseham-po iainantsika matetika, amin'ny fotoana samihafa ao amin'ny andro iray; ary ho an'ny ankamaroany dia fotoana ela vao afaka izany.

Arakaraka ny lanjan'ny tsy fahafaham-po dia mety hitatra na hiseho amin'ny endrika maro hafa ny hatezerana. Mba tsy hanoanona afa-tsy vitsivitsy fotsiny, dia andeha hataontsika hoe maha toerana etsy andaniny ny tsy fahafaliana sy ny fahakizitina fa etsy ankilany kosa ny fahavinirana.

Misy koa karazana tsy fahafaham-po miseho amin'ny alalan'ny fihetseham-po miseran'ny hatezerana mitaratra ny mahamanokana azy. Ny fahavinirana, ohatra, amin'ny lafiny iray dia tairin'ny tsy fananan-kery hiala amin'ny toe-javatra tsy irina. Ny fikomiana dia manokana amin'ny toe-javatra izay ahatsapana tsi-fahamarinana. Fihetseham-po miserana maro midika hatezerana

no miara-dia, toy ny fankahalana, fialonana, lolompo sns...

Mampitandrina antsika amin'ny hatezerana izay miteraka ny ratsy ny Baiboly.

• Jak. 1:20: «*Fa ny fahatezeran'ny olona tsy ahefana izay marina eo imason' Andriamanitra*».

• Jôba 5: 2: «*Fa ny adala dia vonoin'ny fahasosorana...*».

• Ohab. 29:22: «*Ny olona mora tezitra manetsika ady; ary ny olona masiaka dia be fahadisoana*».

• Sal. 37:8: «*Mitsahara amin'ny fahatezerana, ary mahaloifa ny fahavinirana; aoka tsy hirehitra ny fahatezeranao fa ratsy no fiakaran'izany*».

• Efes. 4 :26: «*Tezera fa aza manota; ary aoka tsy ho tratry ny masoandro milentika ny fahatezeranareo*».

Tsapantsika amin'izany fa ny fahatezerana dia mety hiteraka ota raha tsy voatantana sy voafehintsika.

Ahoana ny fomba hihoarana ny fo-lentika (fangidiana) sy ny fahatezerana?

Ao amin'ny Efes. 4:32 ny valiny: «*Ary aoka samy halemy fanahy amin'ny namany avy hianareo, ka hifampiantra sy hifamela heloka, tahaka ny namelan' Andriamanitra ny helokareo ao amin'i Kristy*».

Ny famelan-keloka no fiadiana mahomby indrindra hahafahana manohitra ny fo-lentika (fangidiana) sy ny fahatezerana. Raha dinihintsika ny fiainan'i Jesôsy Kristy, dia ho tsapantsika fa nandritra ny asany dia nanolotra famelan-keloka izy. Namela ny helok'ireo izay namono Azy aza izy. Ny «*Raiko ô, mamela ny helony fa tsy fantany izay ataony...*» (Lio. 23:34) dia iray amin'ireo fehezanteny izay fantatsika fa notononin' i Jesôsy teo ambonany hazofijalina.

Izao no ambaran'i EGW: « ... Amin'ny fahamalinana manao ahoana re no tokony hifampitondrantsika samy isika! Tsy manana zo hanaratsy ny namany ny olona. Tsy tokony hanaraka ny fironany ny mambran' ny fiangonana rehefa mihevitra ireo rahalahiny izay nanao fahadisoana sasantsasany... Aza avela hahazo laka ny fankahalana. Aza avela hamory nana ny fery ka hahatonga ny vavanareo hamoaka teny misy poizina handoto ny sain'ireo izay mandre azy. Aza avela hameno ny sain'ny rahalahinareo sy ny sainareo ny fisainana mangidy. Mankanesa any aminy ary alamino ao anatin'ny fanetren-tena sy ny fahatsoram-po ny raharaha».

TANTARA

Pasitora iray niasa tany amin'ny faritra andrefan'i Angletera no mitantara amintsika ny tantaran'ny mambra iray tao amin'ny fiagonana niandraiketany. Nampalahelo fa maty ny zanakalahin'i Mary noho ny fidorohana zava-mahadomelina. Azo novakina teny amin'ny endriny ny alahelo, ny fangidiana, ny hatezerana. Isaky ny tonga tao am-piangonana izy dia nihatakataka. Niresaka taminy ny pasitora noho izany mba hampahery azy noho ny fahoriany. Notsoriny fa nalahelo izy noho ny fahafatesan'ny zananilahy nefa tena tezitra tamin'ireo roalahy naman'ny zananilahy izay niara-nidoroka taminy farany mialoha ny hahafatesany izy. Tena nijaly izy ary nandrotika ny fony ny faniriana hamaly faty. Sarotra sy mafy ny fanadramana kristianina nolalovany.

I Mary, izay nanana ireo fihetseham-po miiba ireo dia tokony ho afaka amin'ny vesatr'izany. Nangataka fihaonana taminy ny pasitora noho izany ary nasainy nosoratan'i Mary ny anaran'ireo olona rehetra tokony havelany heloka. Nandritra ny minitra vitsivitsy dia nijanona tao amin'ny fahanginany izy nihaino ny Fanahy Masina ary nanoratra anarana 25. Ny anarana telo farany dia ny an-janany sy ny an'ireo sakaizan-janany roalahy ka ny anaran-janany no farany tamin'ilay lisitra.

Nanoso-kevitra ny hanononany izao fehezanteny izao ny Pasitora isaky ny manonona anarana iray izy:

«Tompo ô, nisafidy ny hamela ny helok'i (tononina ny anaran'ilay olona voakasika) aho noho ny (zavatra nataon'ilay olona ka nampalahelo azy)».

Fotoana nampihetsi-po tokoa izany. Fa rehefa tonga teo amin'ny anaran'ireo sakaizan-janany anankiroa izy, dia zara raha afaka nanonona nefa ny Fanahy Masina dia nanampy azy hanao izany. Farany, nanonona ny anaran-janany izy: «Tompo ô, nisafidy ny hamela ny heloky ny zanako aho». Tamin'ny feo tapatapaka sy tanana mangovitra no nanohizany ny vavaka nataony: «noho ny fikomiany tamiko, noho ny nanamelohany ahy ho nisaraka tamin-drainy ka nahatonga azy handray zava-mahadomelina, noho ny nampidirany fihetseham-po miiba tato amiko, ary noho ny nilazany tamiko fa tsy mba reny tsara aho sady tsy mba teo hanampy azy mihitsy aho».

Tamin'ny fiakaran'io vavaka farany io dia tsapan'ilay Pasitora fa olon'afaka i Mary, afaka ao amin'i Kristy. Tsy maintsy nandalo tamin'io dingan'ny famelan-keloka io izy mba hivelomany indray ny fandehanana miaraka amin'i Kristy.

Famintinana

Ianao koa, tahaka an'i Mary, raha manana fihetseham-pon'ny fangidiana sy ny fahatezerana, raha nitahiry lolompo tamin'ireo izay nanao ny tsy mety taminao, raha tsapanao fa "Mara", feno fangidiana ny fiainanao ary ny hoavinao dia tsy azo antoka, manjombona ary tsy misy hantenaina, raha tsapanao fa manohitra anao ny rehetra, manatona an'i Kristy ianao mba hanafahany anao amin'ny entanao mavesatra rehetra, «*apetraho eo aminy ny fanahiana rehetra, fa lzy no miahy anao*».

Nisy olona nanoratra izao fehezanteny malaza izao: «Ny famelan-keloka dia hery izay manafaka».

Ny famelan-keloka avy amin'Andriamanitra dia manafaka antsika amin'ny fahotantsika, ary ny famelan-keloka ataontsika amin'ireo izay nanao ny tsy mety tamintsika, dia manafaka antsika amin'ny fihetseham-po miiba rehetra.

Andeha hiteny amin'Andriamanitra isan'andro isika hoe: «*Ary mamela ny helokay tahaka ny namelanay izay meloka taminay*».

Famaranana

Ny fahatezerana sy ny fangidiana dia manana fiantraikany lehibe amin'ny fitiavana ara-Baiboly, amin'ny fifandraisana mirindra ary amin'ny fahamatorana ara-panahy. Ny fanaovana tsirambina ny fandravana ny fahatezerana sy ny fangidiana dia fampalahelovana ny Fanahy Masina ary fanomezana tombondahiny an'i Satana eo amin'ny fiainanao. Manamaloka ny fijoroanao ho vavolombelona eo anatrehan'ny hafa koa izany ary manapaka ny firaisan'ny Tenan'i Jesôsy Kristy. Ny mitondra ny fahatezerana sy ny fangidiana araka ny ohatra ao amin'ny Baiboly dia midika fankatoavana feno ny Tenin'Andriamanitra amin'ny toe-javatra tsirairay ary manoloana ny olona tsirairay, na dia te hametraka fihetsika iray hafa aza ny fihetseham-ponao (araka ny Mat. 5:16; Rôm. 14:19; 1 Kôr. 13:4-5; 2 Kôr. 2:10-11; 5:14-15; Gal. 5:17-26; Efes. 4:1-3, 26-27, 31-32; 6:11; Kôl. 3:8-15; Heb. 12:15).

HOSAINTSAININA

Vakio tsara ny andalan-tenin'i Ellen White ka iadio hevitra ao anaty tarika. Jereo amin'izany hoe ahoana no mety hahatonga ny fahakiviana ho sakana amin'ny famonjena antsika sy ny famonjena ny hafa? «...Aza avela ho latsa-paka ny fihetseham-po. Aza avela hitombo ny ratra ka hahatonga anao hamoaka teny tsy voahevitra ka handoto ny fanahin'ireo izay mandre izany...».

ANTOM-BAVAKA MANOKANA

1- Vavaka ho an'ny ankizy – ny fitomboan'izy ireo amin'ny lafi-piainana rehetra.



2- Vavaka ho an'ny mpitondra fiagonana eto an-toerana – ny Pasitora, Loholona, filoham-piangonana sy filohan'ny departemanta.

Pasitora Stephane Tigresse
Federasionan'i Maoris

Manadino ny Lasa

«Aza mahatsiaro ny lasa, na misaina ny taloha. Indro, Izaho efa hanao zava-baovao. Koa ankehitriny dia efa miposaka izany. Tsy hahalala izany va hianareo ? Eny any an-efitra no hanaovako lalana. Ary any amin'ny tany lao no hasiako ony.» - Isa. 43:18,19.



Fantatsika fa mizara telo ny vanim-potoana iainantsika: ny lasa, ny ankehitriny ary ny hoavy. Ankehitriny isika no mandrafitra ny hoavintsika, raha ireo lasantsika kosa no nametraka antsika amin'izao toerana misy antsika ankehitriny izao. Nifamahofaho tamin'ny lasa ny tsara sy ny ratsy, ny nahafaly sy ny nampalahelo, ny mendrika hotsaroana sy ireo ezahina hohadinoina kanefa dia indro fa mitamberina ao an-tsaina hatrany. Ireo no efa zary mandrafitra ny tantaram-piainantsika.

Satana fahavalontsika dia mahafantatra fa kely sisa ny androny ka miasa mafy izy mamerina ao an-tsaintsika ireo toe-javatra maro samy hafa izay noezahiny nana-potehana ny fiainantsika. Notoherintsika teo ambany fitarihan'Ilay namorona antsika ireny ary nandresy isika kanefa noho ny hamafin'ny ady dia namela holatra tsy mety vonoina ao an-tsaina izany.

Nampitondrain'i Jehôvah ny mpaminany Isaià ny fanafody, koa andeha hiarahantsika mamaky izay voalaza ao amin'ny Isa. 43:18,19. «Aza mahatsiaro ny lasa, na misaina ny taloha. Indro, Izaho efa hanao zava-baovao. Koa ankehitriny dia efa miposaka izany. Tsy hahalala izany va hianareo ? Eny any an-efitra no hanaovako lalana. Ary any amin'ny tany lao no hasiako ony.»

Miresaka be dia be ny amin'ny famerenana amin'ny laoniny sy ny fanavaozana ny bokin'i Isaià. Velona tamin'ny fotoana nilan'ny Isiraely izany io mpaminany io. Mila an'izany koa isika ankehitriny. Hojerentsika voalohany ny tokony hataontsika ary amin'ny tapany faharoa izay hataon'i Jehôvah .

I- HANADINO NY LASA ISIKA

Mazava ho azy fa tsy ny lasantsika rehetra akory no ambara eto fa tokony hohadinoina. Tsy hekentsika mihitsy ny tsy hahatsiarovana ny andro nahaterahantsika, ohatra. Ho an'ny Zanak'i Isiraely dia ny fahareseny tamin'ny ady sy ny namaboan'ireo fahavalony azy no nampirisihan'ny mpaminany Isaià azy mba hohadinoina. Ho antsika ankehitriny kosa dia maro karazana ireo zavatra mandratra sy manimba antsika vehivavy vokatry ny herisetra arabatana: fanolanana, famonoana... sy ny herisetra aratsaina: fanambakana, fanerena, fanabantiana ... Nandratra antsika izy ireny kanefa tsy mbola nahafaty antsika tsy akory noho ny fetra efa napetrak'Andriamanitra raha niresaka tamin'ny menarana izy tany amin'ny saha Edena. Tsaroanao ve izay voasoratra ao amin'ny Gen. 3:15: «*Dia hampifandrefesiko ianao sy ny vehivavy ry ny taranakao sy ny taranany; izy hanorotoro ny lohanao, ary hianao kosa hanorotoro ny ombelahin-tongony.*» Ny ombelahin-tongotsika ihany no azon'i Satana torotoroina.

Tsy azony kasihina ny lohantsika ka isika indray ve no handeha «hamaky loha» hitahiry ireo fahatsiarovana ratsy tamin'ny lasa? Noho ny teny fikasana notononin'i Jehôvah dia afaka mandresy isika ary izany no tokony hameno ny saintsika.

Hoy i Ellen White ao amin'ny boky nosoratany nampitondrainy ny lohateny hoe Sambatra, t. 1, § 3: «Ny tenin'ny Mpamonjy dia nentina koa nampionona ireo nijaly sy fadiranovana. Tsy mitrebona avy amin'ny tany tsy

akory ny fahoriantika ... Ny kapoka tsy mifaditrovana izay mampanjombona ny fifalian'ny tany dia tsy inona fa fiasana hampitodika ny masontsika hiandrandra ny lanitra. Firifiry akory no tsy nahalala velively an'i Kristy raha tsy noho ny fahoriana nihatra taminy, izay nitarika azy hitady fiononana teo amin'ny Mpamonjy.» Ary ny Baiboly dia manamafy ao amin'ny Sal. 103:2b, fa «...*aza misy hadinoinao ny fitahiany rehetra .*» Rehefa mameno ny saintsika ireo toe-javatra na vanim-potoana nitahian' i Jehôvah antsika dia handositra ireo fahatsiarovana ratsy.

Rehefa hadino ny zavatra nandratra teo aloha ary hita fa manohy ny asany Jehôvah, dia izay no mitarika antsika ho amin'ny tapany faharoa.

II- HANAO ZAVA-BAOVAO I JEHOVAH

Teny miverimberina ao amin'ny Soratra Masina ny hoe «*vaovao*», ohatra amin'izany ny «*famindrampo vaovao isa-maraina*» (Fit. 3:22,23), «*lanitra vaovao sy tany vaovao*» (Isa. 66:22), «*fo vaovao sy fanahy vaovao*» homena (Ezek. 36:26) ... I Jesôsy dia niresaka ny amin'ny «*didy vaovao*» (Jao. 13:34), ary ny apôstôly Paoly nilaza mazava hoe: «*Koa raha misy olona ao amin'i Kristy dia olom-baovao izy efa lasa ny zavatra taloha, indreo efa tonga vaovao ireo.*» - 2 Kôr. 5:17. Ny zavatra lasa taloha dia ny fiainantsika talohan'ny nandraintsika an'i Jesôsy sy ny famonjena natolony. Ankehitriny isika nanaovan'i Jehôvah zava-baovao, nomeny fotoana ary miandry lanitra vaovao sy tany vaovao ka inona indray no hihoatra an'izany? Ho amin'izany indray izao no tokony hifantohan'ny saintsika manontolo. Ho amin'izany no iarahantsika mivavaka sy iarahantsika manompo. Izany no zaraintsika amin'ny hafa. Miasa amin'ny alalan'ny Fanahiny Andriamanitra amin'ny fanavaozana antsika. Hoy indray i Ellen White ao amin'ny boky nosoratany: «*Tahaka ny rivotra ny fiasan'ny Fanahin'Andriamanitra ao am-pon'ny olona; tsy hita maso nefa hita sady tsaroana ny asany. Miteraka aina vaovao ao am-po, mamorona olom-baovao araka ny endrik'Andriamanitra izany hery manavao tsy hitan'ny mason' olombelona izany.*» - DHK t. 67, § 2

FEHINY

Hanafaka antsika amin'ny lasa feno fahotana sy fahamelohana no nahatongavan'i Jesôsy teto an-tany. Hoy izy ao amin'ny Jao. 8:36: «*Koa raha ny Zanaka no mahafaka anareo dia ho afaka tokoa hianareo.*»

FIFANAKALOZAN-KEVITRA

1. Misy ve toe-javatra niainantsika ka tsy ahafahantsika mamela heloka mihitsy ? Zarao ny hevitrao.
2. Ahoana no hahatonga ho tena zava-misy tokoa eo amin'ny fiainantsika ny andininy 18-19 ao amin'ny Isaià 43.

ANTOM-BAVAKA MANOKANA

1- Vavaka ho an'ny Mpitantana asa eo anivon'ny Foibe Maneran- tany – Diviziona – Fivondronambe ary Federasiona / Misiona.

2- Vavaka ho an'ny mpiandraikitra MIFEM rehetra – mba hahavita ny asany izy ireo ka hampian'Andriamanitra hahatontosa ireo tanjona napetraky ny fiangonana tsirairay avy izay misy azy ireo.



Pastora RAKOTONDRA SOA Honoré
DISTRIKA TOLIARA SANFILY, MRS



HERINANDRO FIARAHA-MIVAVAKA TALATA

Ahaka Misafidy ny ho Faly Mandrakizay Janao!

Mahita Fifaliana ao Anaty Zava-poan'ny Fiainana

«Fa inona no azon'ny olona amin'ny fiasarany rehetra sy amin'ny fikatsahan'ny fony, izay niasarany tatỳ ambanin'ny masoandro? Fa ny androny rehetra dia fanaintainana avokoa, ary ny fiasarany dia fahasorisorena; eny, na dia amin'ny alina aza dia tsy manam-pitsaharana ny fony. Zava-poana koa izany. Tsy misy mahasoana ny olona mihoatra noho ny mihinana sy misotro ary ny mampahafinaritra ny tenany amin'ny fiasarany. Izany koa aza dia efa hitako fa avy amin'ny tanaan'Andriamanitra» - Mpitt. 2:22-24

Nahoana aho no ho kivy

Ka halahelo fo?

Nahoana no hisento

Na hoe hamoy fo?"

- Fihirana 444, D. RAZAKARIA.

Miaina amin'ny vanim-potoana feno fahasorenana, rarintsaina sy ireo karazana tsy fifaliana mitombo hatrany isika ankehitriny. Anisan'ny boky manahirantsaina ao amin'ny Baiboly ny bokin'ny Mpitoriteny, boky nosoratan'i Sôlômôna (Mpitt. 1:1, 12). Mitantara ny fomba nitadiavany ny anton'ny fiainana izay misy eto "*ambanin'ny masoandro*" izany (Mpitt. 1:13). Ny teny hoe "*ambanin'ny masoandro*" dia miverina in-29 ao amin'io boky io. Toa maneho fahakiviana ny hafatra nomeny. Imbetsaka izy no nilaza fa "zava-poana" ny fiainana, ary ampiasainy in-35 izany teny izany. Kanefa nampiasa ireto teny ireto ihany koa ny mpanoratra: faly in-2, hafaliana in-2, fahafinaretana in-2, mampahafinaritra in-1. Ny marina dia manoro hevitra antsika ity boky ity hoe ahoana no hahazoana fiainana misimisy kokoa sy ny mba hahitana fifaliana amin'ny fiainana izay feno zava-poana (Mpitt. 2:22-24).

ZAVA-POANA NY FIAINANA

Zava-poana ny fahafinaretana (Mpitt. 2:1), zava-poana ny harena raha oharina amin'ny fianakaviana (Mpitt. 4:7,8), zava-poana ny mamim-bahoaka ho an'ireo mpitondra (Mpitt. 4:16), zava-poana ny nofinofy sy ny teny fampanantenana (Mpitt. 5:7). Betsaka ireo olona malaky mandray tsoa-kevitra toy izany ka tsy ela dia resy sy diso ary very fanantenana. Na dia izany aza, Sôlômôna dia manoro hevitra mba hahitana ny tena fifaliana marina amin'ny fiainana. Tsy misy fifaliana mihoatra ny fahaizana mifaly amin'izay ananany sy izay nomen'Andriamanitra hoy ny Mpitt. 2:24,25. Andriamanitra dia manome fahendrena, fahalalana ary fifaliana (Mpitt. 2:26). Izany hoe, ny fiainana eto "*ambany masoandro*" dia zava-poana raha tsy misy Andriamanitra. Mba hahitana fifaliana amin'ny fiainana dia tsarovy Andriamanitra izay Mpamorona anao.

"MIFALIA MANDRAKARIVA" hoy i Paoly ao amin'ny 1 Tes. 5:16. Araka ny fandinihako dia maro isika kristianina no tsy manatanteraka ity baiko ity eo

amin'ny fiainana. Toa lavitra sy lasa fihetsika ivelany izany. Mategitika ireo fanompoam-pivavahana dia tsy ahitana izany: tsy misy hafanam-po rehefa mihira, tonga ny torimaso rehefa mihaino toriteny, nahoaana? Mety ho maro ny antony. Ny teny grika ilazana ny fifaliana dia CHARA (kara) izay mifandray tanteraka amin'ny teny hoe CHARIS (fahasoaavana) CHARISMA (fanomezana). Manampy antsika ny fahaizana mampifandray ny fifaliana sy ny fanomezana. Ohatra, alaivo sary an-tsaina hoe manao ahoana ny fihetsikao manoloana ireto fanomezana telo ireto:

- 1- Omena vola arivo ariary ianao --- (ho hum, misaotra)
- 2- Omena vola iray hetsy ariary --- (faly aho, misaotra betsaka)
- 3- Omena trano villa iray --- (tena faly ary mety hitsambikina)

Ho hitanao fa ny fifalianao dia mifanaraka tsara amin'ny lanjan'ny fanomezana noraisinao. Azontsika ampiharina io. Inona no nomen'Andriamanitra anao? Mety ho mora ny manao lisitra ny zavatra tsy nomen'Andriamanitra anao! Fa "ireo zava-tsoa rehetra" eo amin'ny fiainana dia avy amin'Andriamanitra (Jak. 1:17). Ny fiainana mandrakizay no fanomezana lehibe indrindra avy amin'Andriamanitra (Rôm. 6:23). Noho io fiainana mandrakizay miaraka amin'Andriamanitra io dia mifalia dieny izao. Aza fenoina zavatr'izao tontolo izao ny saina fa ataovy ambony ny zava-panahy sy ny famonjena. Mifalia amin'ny maha-kristianina anao ka hoy i Joela hoe: «... *hianareo, ry zanak'i Ziona, miravoravoa sy mifalia amin'i Jehovah Andriamanitrareo*» (Joe. 2:23), «*FALY aho, raha hoy izy ireo tamiko: Andeha isika ho any an-tranon'i Jehovah*» (Sal. 122:1), «*Mifalia mandrakariva amin'ny Tompo; hoy izaho indray: Mifalia*» (Fil. 4:4), «*ka ... dia mihira sy mikalo ao am-ponareo ho an'ny Tompo*» (Efes. 5:19). Mila mivavaka toy ny vavak'i Davida isika: «*Ampodio amiko ny fifaliana amin'ny famonjenao*» (Sal. 51:12). Iaina ny hamelantsika ny Soratra Masina hiasa amintsika. «*Hitako ny teninao ka nohaniko, ary ny teninao no fifaliako sy firavoravoan'ny foko; Fa nantsoina tamin'ny anaranao aho, Jehovah, Andriamanitry ny maro ô*». (Jer. 15:16). Safidy tsara izany.

FIDIO JESOSY: LOHARANON'NY FIAINANA

Ny Testamenta Taloha dia feno lesona ho antsika. Iray amin'ireny ny lesona momba ny fahaizana misafidy eo amin'ny fiainana. I LOTA dia nifidy izay toerana hipetrahana. Ny vokatr'izany dia ady, fakana an-keriny (Gen. 14), fahoriana, fijaliana nataon'ireo olona tsy matahotra an'Andriamanitra (2 Pet. 2:7-8), ny fahafoanan'ny fananany sy ny fahafatesan'ny vadiny ary ny fandriana tamin'ny olom-padiny, dia ireo zanany vavy (Gen.19). I DAVIDA dia nifidy ny hijangajanga tamin'i Batseba, ary vokatr'izany dia ory izy: maty ny zanany lahy vao teraka (2 Sam. 12), ny zanany vavy dia naolan'ny anadahiny (2 Sam 13), novonoin'ny rahalahiny ity nanolana ity (2 Sam. 13), ary ny zanany lahy no nanongana azy teo amin'ny fitondrana, henatra ho azy izany. Ny

fahafatesan'ity zanany ity dia nitondra alahelo mafy ho an'i Davida (2 Sam. 15-18). Ny tantaran' i LOTA sy i DAVIDA dia milaza amintsika ny lanjan'ny fahaizana misafidy. Raha hoy aho aminao hoe omeko:

- "Fifaliana" izay tena lehibe tsy misy toa azy,
- "Fahasambarana" izay fahasambarana amin'ny endriny rehetra,
- "Antoka" fa hiditra any amin'ny fanjakan'ny lanitra ianao,
- "Fiadanana" izay mihoatra noho ny nieritreretinao,

Ahoana, tianao ve izany? Tsy afaka hanao izany aho, fa JESOSY dia afaka manome anao izany. Safidy izany, mpanara-dia an'i Jesôsy ve ianao sa tsia? Holavinao ve ny antsom-pahasoavany sy ny fiainana izay tiany homena anao? Hoy IZY «*Mankanesa aty amiko, hianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana, fa izaho no hanome anareo fitsaharana*». (Mat. 11:28). Safidy lehibe, safidy misy akony hatrany amin'ny mandrakizainao izany. Tonga hanome fiainana ho anao Izy ary aoka ho vonona ny hanompo Azy amin'ny fifaliana ianao, tahaka an'i:

- JOBA teo afovoan'ny fahoriana: «*Na dia hamono ahy aza Izy, mbola hanantena Azy ihany aho*». (Jôba 13:15),

- HABAKOKA izay nidera an'Andriamanitra na dia eo aza ny fahoriana: «*Fa na dia tsy mamontsina aza ny aviavy, Ary tsy misy voany ny voaloboka, Na dia mahadiso fanantenana aza ny oliva, Ary tsy mahavokatra hohanina ny saha, Na dia vonoina aza ny ondry ao amin'ny vala, Ary tsy misy omby ao am-pahitra*» (Hab. 3:17) «*Nefa izaho dia mbola hifaly amin'i Jehovah ihany sy hiravoravo amin'Andriamanitry ny famonjena ahy*». (Hab. 3:18)

- IREO APOSTOLY izay nifaly noho ny anaran'i Jesôsy na dia nenjehina aza (Asa. 5:27-29) «*Fa Petera sy ny Apostoly namaly ka nanao hoe: Andriamanitra no tokony hekena mihoatra noho ny olona*». (Asa. 5:29)

- POLYCARPE izay nivavaka toy izao na dia efa ho dorana velona aza: "Andriamanitra tsitoha, Andriamanitra fitiavana sy Jesôsy Zanany, ary amin'ny alalany no hahazoantsika fahalalana an'Andriamanitry ny anjely sy ny hery..." - Martyrdom of Polycarp

- ZEFAINA, mambran' ny fiangonana advantista, Bealampona Andapa, efa antitra, tokan-tena, nilaozan'ny fianakaviana, ary izy irery no mambra, tsy nihemotra ary mifaly amin'izay kely ananany, mampahery ahy io anabavy io rehefa mandinika ny fiainany aho.

Izany no tena safidy, safidy ny hifaly na dia eo aza ireo zava-mahory, izany no tena finoana, fahatokiana, fanoloran-tena ho an'Andriamanitra. Nahoana raha misafidy ny hanaraka an'i Jesôsy ianao androany?

FEHINY

Manao ahoana ny fisedrana eo amin'ny fiainanao manokana?

Ny tanjona tiana hozaraina ho anao eto dia aoka ny tsirairay samy ho feno fifaliana ao amin'i Jesôsy. Aoka ny tsirairay samy hanandrana ny tena fiainana feno izay omen'i Jesôsy azy.

FANONTANIANA HOERITRETINA

Matoky an'Andriamanitra ve ianao ka vonona handoa ny vidiny na ohatrinona na ohatrinona?

HOSAINTSAININA

1- *Manana fahatokiana tanteraka an'Andriamanitra ve ianao ary vonona ny hiatrika izay rehetra mety ho vokatr'izany?*

2- *Inona no manakana antsika tsy hifaly isan'andro? Fakafakao ao anaty tarika.*

ANTOM-BAVAKA MANOKANA

1- *Vavaka ho an'ny tokantranon'ny mambran'ny fiangonana rehetra mba hanjakan'ny fiadanana, sy fifaliana ary firaisana. Ary mba hahazo toerana ao amin'izany tokantrano izany ny fifamelan-keloka.*

2- *Vavaka ho an'ny vehivavy mitondratena: Vehivavy nisara-panambadiana, maty vady ary ireo manan-janaka nefa tokan-tena.*



Pasitora RABEARIZARA Patricien,
MRA



HERINANDRO FIARAHA-MIVAVAKA

ALAROBIA

Mamela ny Trosa Madiodio...!

«Dia nampanalain'ny tompony ralehilahy ka noteneniny hoe:
Ry mpanompo ratsy fanahy, efa nafaiko ilay trosa rehetra taminao,
satria nifona tamiko hianao» - Mat. 18:32

IREO LANJA, REFY, VOLA VITSIVITSY FAMPIASA AO AMIN'NY BAIBOLY

	LANJANY ANKEHITRINY	LANJANY TAMIN'IZANY	TOKO SY ANDININY
LANJA: Gera	0,6g	1/20 - n'ny sekely	Ezek. 45:12
Sekely	11,6g		Mat. 26: 15
Talenta	34Kg		Eks. 25: 39
REFY: Volotara	2,5m	25 fela-tongotra	Ezek. 40 :7
Stadio	200m		Apôk. 21:16
VOLA: Denaria	5 400 Ar eo ho eo	Karama iray andro	Mat. 20: 2
Talenta	Denaria 6 000		Mat. 18: 24

Trosa!

Tsy teny vaovao amintsika intsony ny teny hoe trosa. Ankehitriny aza, zary lasa fiteny mahazatra ny besinimaro io teny io. Tsy zavatra mahamenatra intsony izany hoe mitrosa izany ankehitriny satria najoro, feno, hita eny rehetra eny ny toerana fitrosana na ilay antsointsika amin'ny fiteny mahazatra hoe: fampin-dramam-bola na mpampanjana-bola. Saika feno azy daholo eny anelakela-trano rehetra eny. Mijoro etsy sy eroa ny banky. Banky 'zao, banky 'zao... lehibe, kely sy salantsalany. Mampanjana-bola! Trosa izany.

Rehefa miaina tanteraka ao anatin'ny trosa anefa ny olona iray dia mahatsapa vesatra ihany. Tsy mora! Mitebiteby, manahy, lasa saina, miasa loha. Izany rehetra izany no mety ho fihetseham-po ho an'ny olona iray ao anaty trosa. Ary ny trosa, iarahantsika mahalala fa rehefa tsy voaloha dia mety hiteraka raorao, eny mety hiafara aza amin'ny fampidirana am-ponja. Matoa moa mitrosa dia mety ho ao ny tsy fananana. Iray izay. Faharoa, matoa mitrosa dia mety ho mieritreritra ny mba hampitomboana ilay vola koa anefa.

VOTOATINY

Ny andalan-tsoratra masina izay handraisantsika lesona amin'ity anio ity dia mahakasika indrindra ny amin'izany trosa izany (Mat. 18: 32). Iza no voalaza: *“Dia nampanalain'ny tompony ralehilahy ka noteneniny hoe: Ry mpanompo ratsy fanahy, efa nafaiko ilay trosa rehetra taminao, satria nifona tamiko hianao”.*

Tontolon'ny tantara

Tsy ampy antsika ny mijanona fotsiny amin'ity andininy ity, fa andeha hojerentsika ny manodidina ny tantara. Iarahantsika mahalala fa manomboka eo amin'ny andininy faha 23 ny fitantarana. Mpanjaka, mpanankarena anankiray no nanatona ny mpitahiray

ny volany. Nanontany sy nanadihady ary nidinidika tamin'ity farany izy ny amin'ny toe-bolany hatramin'io andro nifampiresahan'izy roa io. Iza no fanontaniana napetrany: Efa ohatrinona izy izay? Efa nanatitra daholo ve ireo izay nindrana sy nitrosa? Sa..? Ny Baiboly dia milaza amintsika eo amin'ny andininy faha-24 fa raha iny teo am-panaovana fanadihadiana iny izy, dia akory ny hatairany fa indro nentina teo aminy rangahy iray izay nitrosa vola taminy efa fotoana elaela ihany izay.

Fantaro ange!

Vola ohatrinona hoy ianao? Ohatrinona ny vola nindramin'ity rangahy ity? (Mat. 18: 24) *“Ary raha vao nidinika izy, dia nisy anankiray nentina teo aminy, izay nitrosa talenta* iray alina”.* [*Anaram-bola; ny talenta volafotsy dia sekely telo arivo]. Mba ivereno jerena kely ary ange ilay tabilao napetratsika ery ambony habitantsika ny lanja sy ny sandan'ity vola ity ankehitriny e.

Ny lanjany?

Talenta volafotsy 10 000 ilay trosa. Ny talenta volafotsy iray (1) anefa = 3000 sekely. Raha mijery ilay tabilao anefa isika dia mahita fa ny sekely iray (1) dia milanja 11,6g. Andao àry hasehontsika kely amin'ny alalan'ny asa marika izany rehetra izany. 10 000 Talenta X 3 000 = 30 000 000 sekely X 11,6g = 348 000 000g = 348 000kg = 348T (Taonina). Izany no lanjany. Eritrereto kely hoe fiara vaventy (kamiao) firy no mety hahazaka izany vola izany?

Ny sandany?

Raha sandaina indray àry dia ahoana? Talenta volafotsy iray = 6000 denaria. Denaria iray = karaman'olona 1, iray andro na (5400ar) eo ho eo angamba raha amin'izao androntsika izao. Raha aseho amin'ny alalan'ny asa marika indray dia toy izao: 10 000 Talenta = 10 000 X 6000 denaria = 60 000 000 denaria. Izany hoe karaman'olona iray ao anatin'ny 60 000 000 ANDRO na 2 000 000 VOLANA na 166 666 TAONA. Izany io vola io. Tena vola be.

Iza no toe-javatra niseho: Nantsoina ilay nitrosa. Ary rehefa natsoina izy dia notenenina taminy, nohazavaina taminy hoe izao ange no trosanao e. Taitra angamba ilay rangahy nitrosa, nanatona ilay tompom-bola, niteny sy nalahelo, eo amin'ny and. 25 rehefa naheno ny baiko tsy azo ivalozana avy amin'ity mpanjaka ity

nanao hoe: *“amidio ny tenanao, ny vady aman-janakao ary ny fanananao rehetra”*. Ara- dalàna izany baiko izany! Ary na dia namidy aza ange ireo rehetra ireo dia azo antoka fa mbola tsy maha onitra velively ity vola be nindramina ity e! Noho ny tsy fananany anefa dia voalaza eo amin’ny andininy manaraka fa *“nian-kohoka”*, nalahelo, nitaraina teo anatrehan’ily mpanjaka izy, nitaraina nangataka famindrampo. Ary dia nanapa-kevitra ilay tompony nanao hoe: *“eny àry, eny àry, ‘ndao àry fa tsy maninona e! ‘Ndao àry fa avelako e. Mahafinaritra ahy! Tiako ny fihetsik’ity mpanjaka ity “Ary ny tompon’izany mpanompo izany dia onena azy ka nandefa azy sady namoy ny trosa taminy.”* (Mat. 18: 27). Fitiavana lehibe manao ahoana moa izany! Endrey izany fitiavana izany.

Ny nataon’Andriamanitra tamiko sy taminao.

Ary eto dia oharina amin’Andriamanitra ilay tompom-bola. Rahalahy sy anabavy malala, na inona na inona ny trosanao, ny fahadisoana vitanao teo anatrehan’Andriamanitra, dia manan-karena ny amin’ny famelan-keloka Andriamanitra. Vonona ny hamela anao mandrakariva izy. Na inona na inona ny vesatra izay vitanao teo amin’ny hafa, na inona ny fahotana na ny fahatsiarovanao-tena ho meloka ao anatinao ao, na inona, na inona habibiana vitanao na ny mampitanondrika anao, tadidio fa manana harem-pahasoavana ny amin’ny famelan-keloka Andriamanitra. Manan-karena ny amin’ny famelan-keloka Andriamanitra. Vonona ny hamela anao mandrakariva izy. Izany no maha-Andriamanitra Azy.

Ny Mat. 18, dia iarahantsika mahalala. Rehefa miresaka ny amin’ny fomba fifaneraserana sy ny amin’ny fifampitondrana eo amin’ny maha-zanak’Andriamanitra dia ao am-bavan’ny kristianina maro io toko io. Efa zary tsianjery ho an’ny sasany aza. Mipetraka ny fanontaniana hoe INONA NO ATAO? Ary izay no nahatonga an’i Petera nametraka fanontaniana tamin’i Jesôsy eo amin’ny andininy 21 nanao hoe: *«Tompoko, impiry moa no hanotan’ny rahalahiko amiko, ka havelako izy? Hatramin’ny impito va?»* Mazava ny valintenin’i Tompo manao hoe: TSIA.

Hatraiza ny fetra?

NY FAMELAN-KELOKA! Voafetra ihany izany eo amin-dRaolombelona. Tsarovy ry mpamaky malala fa tsy misy olona na dia iray aza afaka hiditra amin’ny fanjakan’ny lanitra kanefa tsy tia ary tsy mivelona amin’ny FAMELAN-KELOKA. Tsy maintsy mamela heloka isika. Koa na toa inona na toa inona ny haratsiana vitan’ny hafa amintsika, dia tsy maintsy mamela heloka isika. Na toa inona na toa inona ny hamafin’ny zavatra vitan’ny hafa taminao, dia tsy maintsy mamela heloka ianao. Na toa inona na toa inona ny teny maharary nataon’ny hafa taminao dia tsy maintsy mamela heloka hianao. Ny fanozonana, ny eso sy ny fihetsika tsy voahevitra rehetra dia tsy maintsy avelantsika, eny fa na dia ny fahavalonao na ny rafinao aza. Raha tianao ny hiditra ny lanitra dia tsy maintsy miaina amin’ny famelan-keloka ianao. Zava-dehibe ny ahafantarantsika izany. Banjino ny lanitra izay omanin’ny Tompo tia ho anao.

Valintenin’ny Tompo

Fa rehefa namaly azy Jesôsy dia niresaka ity tantara ity, mba hahafantaran’ny mpianatra fa tsy zavatra mandalo na miserana fotsiny tsy akory ny fahaiza-mamela heloka fa tokony zavatra tena iainana.

Izao anefa no tohin’ily tantara: Rehefa nandeha nihodina ilay rangahy nomen’ily tompony famindrampo, dia lasa izy ary nifanena ka nahita olona izay nindram-bola taminy kosa. Andeha ange hojerentsika hoe ohatrinona indray ny vola izay nindramin’ny hafa taminy. Andininy faha-28: *“Nefa nony nivoaka izany mpanompo izany, dia nahita mpanompo namany anankiray, izay nitrosa denaria* zato taminy; dia nosamboriny izy ka notraohiny sady nataony hoe: Aloavy izay trosako aminao”*. DENARIA ZATO! Nindrana denaria 100 taminy ilay olona. Karama ao anatin’ny zato andro ange izany e. Raha ampitahaina amin’ny azy izany dia toy izao: ny azy na ny trosany tamin’ny mpanjaka dia karaman’olona mandritra ny 60 000 000 ANDRO na 2 000 000 VOLANA na 166 666 TAONA; fa ny volany amin’ity namany ity kosa dia karama mandritra ny 100 ANDRO monja. Raha ampitahaina amin’ny nindramany izany dia tena vola kely. Dia nanao tahaka izay nataony tamin’ny mpanjaka koa anefa ity nitrosa denaria 100 taminy ity. Ny fihetsiny? *«Dia nosamboriny izy ka notraohiny sady nataony hoe: Aloavy izay trosako aminao. Nefa tsy nety izy, fa lasa nampanao azy tao an-tranomaizina mandrapandany ny trosa”*, NOSAMBORINY, NOTRAOHINY, NATAONY AN-TRANO MAIZINA!

Fianarana no omena antsika

Ny teny hoe notraohiny dia midika hoe norahonany, sady vonona ny hikapoka sy hamely noho ny vokatry ny zavatra izay nataony. Mifanohitra tamin’izay natao taminy no nataony. Raha nanome famelan-keloka sy famindrampo taminy ilay mpanjaka; izy kosa ankehitriny tsy mba nanana toe-tsain’ny famelan-keloka. Izany no toe-tsain’ny olombelona. Ary izany koa ny toe-tsaina tao amin’ny mpianatra ny Tompo. Ny olana ao anatin’ity Mat. 18 ity mantsy, raha ny tontolon-kevitra, dia izao: nibahana tao anatin’ny mpianatra ny toe-tsaina te ho ambony, ny toe-tsaina izay te hametraka ny tenany ho ambony noho ny hafa! Aoka tsy hanao tahaka izany isika.

Ry mpamaky malala, impiry tokoa moa no feno toe-tsain’ny fanambonian-tena ny fiarahamonina? Feno fizahozahoana ny ao an-tokantrano. Tototr’izany toe-tsaina izany ny toeram-piasana sy ny tontolo rehetra. IZAHO no manjaka. Na inona na inona anefa ny endriny, ho takatrao fa toy izany no toe-tsaina nibahana tao amin’ny mpianatra. Fanandratan-tena! Miteraka fahavaozana, aretina, fahapotehana, eny miteraka famoizam-po fotsiny anefa izany toe-tsaina izany. Tian’i Jesôsy ho voakosoka tao amin’ireto mpianatra ireto io fiheveran-tena ho zavatra io. Nataon’Andriamanitra mitovy isika. Nataon’Andriamanitra hifampitondra isika. Nataon’Andriamanitra hifanampy isika. Nataon’Andriamanitra hifandefitra isika. Nataon’Andriamanitra hifampitondra izay mahavesatra isika.

Fantatra sy tsapa fa tsy mora tsy akory ny mizaka ny famelezan’ny hafa, ny fankahalana tsotra izao, ny fanaratsiana tsy amin’ny fotony, ny fitenenan-dratsy tsy ahoan-tsy ahoana, ireo ratra sy vono ara-batana na ara-pihetseham-po. Marary ny fo amin’izany rehetra izany, tsy mahatelin-kanina, tsy mahita tory. Inona no atao? Mat. 18: 32: *“... Ry mpanompo ratsy fanahy, efa nafaiko ilay trosa rehetra taminao, satria nifona tamiko hianao”*. Fanemoram-potoana mba hahafan’ity mpanompo ity mitady vola ka handoa ny trosa ange no nangatahiny tamin’ily mpanan-karena e. Fa vokatry ny fitalahoana nataon’ily mpanompo dia ONENA ilay mpanankarena ka nandray fanapahan-kevitra manao hoe: (and 32) AFOIKO MANONTOLO NY TROSA.

Antso sy fanapahan-kevitra

Lesona no omena ahy sy anao anio. Na inona na inona ny fanapahan-kevitra izay tianao hatao ato ho ato, na inona na inona ny vesatra entinao, tadidio fa raha mamaky izao andalantenany izao ianao dia tsarovy fa te hiantso anao ny Tompo. Te hiantso

anao amin'ny famindrampo sy famelan-keloka Izy. Namela ny helokao ny Tompo. Namela ny ditra sy hadalana vitanao Izy. Ny rany dia efa nomaniny hanadiovany anao ny amin'ny ratra izay vitanao tamin'ny hafa. Namela ny helokao tanteraka Andriamanitra. Koa nahoana moa raha miteny Aminy hianao izao manao hoe: ENY TOMPO O, MISAOTRA FA NAMELA ARY MAMELA NY HELOKO IANAO FA ANKEHITRINY KOSA DIA VONONA NY HAMELA NY HELOKY NY HAF AHO, TSY AMIN'NY AMPAHANY IHANY FA AMIN'NY FAHAFENOANY TANTERAKA. Tiako raha mba afaka hanampy anao ireto fanandraman'ny mpitondra filazantsara mirahalaha ireto. Ny iray antsoina hoe Matio, ny iray kosa antsoina hoe Lioka: *"Tiava ny fahavalonareo, ary mivavaha ho an'izay manenjika anareo"* (Mat. 5: 44). *"Misaora izay manozona anareo, ary mivavaha ho an'izay manisys ratsy anareo"* (Lio. 6: 28).

Ilay reniakoho be fitiavana

Indray andro, nisy rangahy mpamboly sy mpiompy anankiray, antsoina hoe Ravince izay nandao ny toby nisy azy fa nandeha nikapa hazo tany an'ala, kilaometatra vitsivitsy miala eo amin'ny toby. Raha teo am-pandamindaminana ireo hazo efa tinapany izy, dia nahatsinjona dona-tsetroka mainty dia mainty toa manandrify ny toby misy azy. Navelany ireo hazo, lasa izy nihazakazaka nody. Rehefa nanakaiky izy dia hitany fa hay tena ny toby nisy azy no nirehitra. Tsy ny trano fonenany anefa fa ny fahitra na ilay trano ifangaroan'ireo biby amam-borona ompiany. Nanatona izy, nijery akaiky, namadibadika ireo tapa-kazo sisa tsy may, tamin'alahelo fatratra. Soa ihany fa tsy nisy na biby iray aza namoy ny ainy!

Raha mbola teo am-pijerena izy dia nahita vangongondavenona, miloko hafahafa, toy ny havoana kely. Nanatona izy ary nodakany moramora ilay vangongondavenona. Akory ny hagagany fa akoho kely efatra no nipoitra avy tao. Kay, ity ilay reniakoho be fitiavana. Raha nitsoaka nandositra ireo biby hafa rehetra, izy kosa niaritra ny lelafo mandoro satria malemy sy mbola tsy afaka mamindra ireto zanany kely vao foy. Nokoboniny sy narovany tao ireto zanany. Naleony niaritra kila, hatramin'ny namoizany ny ainy aza noho ireto zanany malemy.

Nijoy, nipatraka avy eny amin'ny tarehiny ny ranomason-dRavince raha nandray teny amin'ny tanany ny iray tamin'ireo zanak'akoho, narovan'ny reniny ka nanaovany sorona ny ainy.

Malemy isika, tsy tanteraka isika. Na dia eo aza ny fahalementsika, maty namonjy antsika i Kristy. Tsy ny helokao ihany no avelany fa ny ainy mihitsy no nafoiny noho ianao. Hoy ny mpanao Salamo hoe: *"Ny volon'elany no anaronany anao, ary ao ambany elany no ialofanao"* (Sal. 91: 4). Ka aoka re tsy ho voambolantsika intsony manomboka izao ny hoe "izaho aloha dia tsy mety hamela an'iny na oviana na oviana", na ny hoe "aleo tsy hifandevi-maty". Fa andeha haverina indray ilay vavaka tery ambony manao hoe: MANOMBOKA ANIO, NOHO NY FAHASOAVANAO JESOSY DIA VONONA NY HAMELA NY HELOKY NY HAF AHO, TSY AMPAHANY IHANY FA AMIN'NY FAHAFENOANY TANTERAKA. Hitahy anao sy ny ankohonanao anie ny Tompo.

AMENA!

HOSAINTSAININA

teo antrehan'ilay tompon-trosa tsy mahatoky? Mbola mitombina ve izany amin'izao vaninandro iainantsika izao?

2. *Eritreretinao ve fa ny famelana heloka tsy misy fepetra hatrany hatrany ny vady noho ireo zava-dratsy ataony miverimberina dia toetra feno hakanosana sy fahalemena?*

ANTOM-BAVAKA MANOKANA

fianakaviana, sy eo amin'ny rahalahy sy ny anabavy.

2- *Vavaka ho an'ny asa fitoriana amin'ny ankapobeny – tarika madinika (3F) – mambra iray fanahy iray.*



Pasitora Léonard MAMILAZA, Misiona MAHAJANGA (MRM)



HERINANDRO FIARAHA-MIVAVAKA ALAKAMISY

Katsaho ny Zavatra Any Ambony

“Koa raha niara-natsangana tamin'i Kristy hianareo, dia katsaho ny zavatra any ambony, any amin'ny itoeran'i Kristy, Izay mipetraka eo an-tànana ankavanan'Andriamanitra.

Saino ny zavatra any ambony, fa tsy ny zavatra etý an-tany. Fa efa maty hianareo, ary ny fiainanareo miara-miafina amin'i Kristy ao amin'Andriamanitra”. - Kôl. 3:1-3

Mba efa nisy fotoana ve nahitanao ny fomba fanofanana sy fisedrana ireny miaramila mpianatra ho manam-boninahitra ireny? Mba efa nanana tombontsoa nandinihana ny toloana sy ny fitsapana ampandalovana azy ireny ve ianao? Izay efa nahita dia resy lahatra sy loa-bava fa tsy mora velively ny zavatra atrehina ao anatin'ireny tobim-panofanana ireny. Hetraketraka, herisetra, karazana fampijaliana maro samihafa, miampy toe-javatra mila tsy ho tany no ampifandimbiasina sy ampiaretana azy ireo. Firifiry moa no nitondra takaitra mandra-pahafatiny noho ny fitsapana nolalovana tamin' ireny? Saika ho isan-taona dia misy hatrany ireo mamoy ny ainy noho ny sedra diso tafahoatra nihatra taminy. Tena sarotra sy mafy izany. Na izany anefa dia mahagaga fa tsy mitsahamitombo hatrany ny tanora manam-pahalianana hiditra amin'ireny toeram-panofanana ireny; eny fa na dia ny vehivavy koa aza ankehitriny dia mihamaro hatrany ny maniry sy manapa-kevitra hirotsaka tsy amim-pihambahambana amin'ny fifaninanana hidirana amin' ireny sekoly fanofanana ho manam-boninahitra ireny. Fa nahoana àry? Inona no antony mahatonga izany?

Ny herin'ny fanapahan-kevitra hanatratra tanjona, izay no antony lehibe manosika azy ireo hiroso hatrany, na ho mora na ho mafy ny sedra andalovana. Faniriana miredareda ao am-pon'izy ireo ny ho tonga manamboninahitra ambonin'ny tafika indray andro. Ny sainy sy ny fony dia mifantoka amin'ny zavatra iray loha: na inona na inona fitsapana tsy maintsy hiaretana dia ho manam-boninahitra izy rehefa afaka izany.

1. MANANA FAHARETANA

Manokatra misimisy kokoa ny saina handinika ny toe-java-mitranga atrehin'ny kristianina maro, izay mijoro ao anatin'ny laharan'ny andian-tafik'i Kristy amin'izao fotoana izao izany fanandramana izany. Tsy mbola tsapako toy ny amin'izao fotoana izao ny tena dikan'ny firarian-tsoa nolazain'ireo mpiray fanantenana maro tamiko tamin'ny fotoana nahavita batisa ahy, rehefa naverimberin'izy ireo niaraka tamin'ny fandraisan-tanana feno fankaherezana sy fifamihinana mafana ny teny hoe: “Mahareta hatramin'ny farany.” Ankehitriny vao takatro ny tena dikany: Hay ady mafy tsy an-kiato, fitsapana mahamay mifanesy, toloana maharitra tsy an-kijanona no atrehin'izay mijoro ho miaramilan'i Kristy. Ary tsy misy anavahana izany, tsy mifidy na lehilahy na vehivavy, samy mandalo eo avokoa rehefa nanaiky ny hanara-dia Azy. Firy amintsika no mbola tsy nahatsapa, na zatovovavy na renim-pianakaviana fa mila tsy ho zaka indraindray ny vesatra mitambaby eo an-tsorotsika. Efa toy ny etona manempotra mihitsy ny fitsapana mihatra sy manjohy antsika. Tena ilàna faharetana izany.

Isan'andro dia mitolona amin'ny asan'ny nofo isika, miady amin'ireo karazam-pahalemena malaky mandavo, ireo fitondran-tena tsy mendrika sy tsy mifanaraka amin'ny fiantsoana antsika. Miady amin'ny ratsy fanao isan'andro isika ary mbola tsy mety ho afa-bela amin'izany. Tsy vitan'izay ihany, fa manampy trotraka eo koa ny fiaretana ireo ratsy mihatra isan'andro amin'ny tenantsika, izay mitaky toe-tsaina vonona hiaritra ireo fampijaliana sy fampahoriana ary ireo tsy rariny mitranga eo amin'ny fiainantsika. Mavesatra izy ireny ary matetika no tsy azontsika ialana toy ny fahafahana miala amin'ny ratsy fanao na azo andosirana toy ny fahafaha-mandositra fahotana. Mety hanjohy antsika amin'ny fotoana rehetra sy ny toerana rehetra ny fijaliana sy ny fahoriana.

Raha miteraka alahelo sy nenina ary fahatsapan-tena ho meloka eo amin'ny fiainantsika ny fanaovan-dratsy dia mitondra ratram-po sy fangidiana ary fankahalana kosa ireo ratsy mihatra amintsika. Mavesatra sy sarotra lanjaina izany ka miteraka famoizam-po mihitsy aza, indrindra rehefa tojo ny zavatra tsy noeritretina isika nefa indro fa nitranga. Firy tamin'ireo tovovavy sy renim-pianakaviana namantsika no mamoy ny ainy vokatry ny fankahalana, ny fanararaotana sy ny fanaovana an-keriny? Firy koa no mamoy fo vokatry ny tsy rariny sy ny tsindry hazo lena? Toa lasa tsy misy dikany ny fiainana vokatry'izany: mahakivy sy mahaketraka, indrindra rehefa heverina ho mavesa-danja sy mihoatra lavitra noho ny ratsy vitantsika ireny ratsy mihatra amintsika ireny!

Mavesatra mila tsy ho zaka ve ny fitsapana iaretanao? Eny! Tsy azo lavina izany! Mamaivay mila tsy ho tany ve ny memy andalovanao? Eny! Marina koa izany! Ny Baiboly mihitsy aza no nilaza hoe: “Loza ho an'ny tany sy ny ranomasina! Fa nidina ho aminareo ny devoly sady manana fahatezerana lehibe, satria fantany fa kely sisa ny androny.” - Apôk. 12:12.

Manao izay faraheriny hanaketrana ny fonsika ilay fahavalo. Ny hinoantsika fa efa resy isika ary tsy afaka ny handresy na oviana na oviana, izay no tanjony. Rehefa mitanondrika ianao, rehefa torovana sy ketraka noho ny zava-manjo dia mibitaka izy ary tsy hijanona fa mbola hanohy mandrakariva ny fanafihany mandra-pitrosoanao tanteraka amin'ny tany. Tiany ny handavoana anao, ny hampibaboka sy hampilavo lefona anao ho eo an-tongony; tena tiany ny hinoanao sy hilazanao fa tsy misy fandresena azo antenaina ho anao intsony. Ny fialanao an-daharana hisintaka amin'ny fanompoana an'i Kristy no zavatra antenainy sy andrasany fatratra.

Moa tsy efa nataony tamin'ireo vahoakan'Andriamanitra hatramin'izay va io tetika fanaketrana io? Andao hiverenantsika jerena izay nitranga tamin'ny nanafihan'ny Asyriana an'i Joda nandritra ny fotoana nanjakan'i Hezekia. Vahoaka efa reraka miady amin'ny fahalemena mitolona ho amin'ny fandresena ny ratsy fanao, milofo ho amin'ny fanatanterahana ny sitrapon' Andriamanitra no injao fa tojo fahoriana indray noho ny fahirano nataon'ny Asyriana. Tamin'ny fahatokian-tena tanteraka no nampihorohoroan'i Sankeriba mpanjakan'i Asyria ny vahoakan' Andriamanitra. Nanantena ny nahita fahaketrana teo anivon'ny vahoakan'Andriamanitra izy raha nilaza hoe: “Inona

izato itokianareo, no dia miaritra fahoriana ato Jerosalema hianareo?” - 2 Tan. 32:10.

Moa tsy efa fotoana tokony hibabohan'i Joda tokoa ve izao? Toa tsy hita izay hasetry ny fihantsiana natao taminy. Tsy nampihontsona ny Asyriana ny fanampenana ny rano rehetra tsy hisy hosotroiny, tsy nampihemotra azy ny fanarenana sy fananganana ny manda, nampian'ny tilikambo teny ambony. Vao mainka aza nihamafy ny fihantsiana sy ny fanafihana nataony. Indro fa toa mangina tsy ahitan-teny sy miforitra anaty sisa no fijery ny vahoakan'Andriamanitra! Inona tokoa moa no mety ho azo atao manoloana ny tsy fitovian-kery toy izao? Hialangalana ve? Ho kivy ve? Handao ny laharana ve? Hibaboka ve? Inona koa no azontsika vehivavy atao manoloana ny fahalementsika? Inona no azo atao raha mila tsy ho zaka ny herisetra ao an-tokantrano, ny fanilikilihana tsy an-kiato any am-piasana, ny fanararaotana eo amin'ny fiarahamonina, ny aretina tsy mety ho sitram-panafody?

Aza hadinoina fa ny Fanalahidy voalohany ho anao dia ny faharetana. Tsy mitondra mankaiza afa-tsy any amin'ny fahafatesana ny fahakiviana. I Euripide, ilay mpanoratra velona tamin'ny taona 480 - 406 talohan'i Kristy dia nanambara fa «Ny olona ambony dia izay miantehitra hatramin'ny farany amin'ny fanantenana ombam-paharetana. Fa ny fahakiviana dia hakanosana». Manamafy izany i Paoly raha nilaza hoe: *“Miaraha miaritra ny mafy amiko hianao tahaka ny miaramila tsaran'i Kristy Jesosy. Raha miaritra isika, dia hiara-manjaka aminy; raha mandà Azy isika, izy kosa handà antsika;”* - 2 Tim. 2:3,12. Manampy rahateo ny Soratra Masina fa *“Tsy misy fakam-panahy nahazo anareo afa-tsy izay zakan'ny olombelona; nefa mahatoky Andriamanitra ka tsy hamela anareo halaim-panahy mihoatra noho izay zakanareo; fa momba ny fakam-panahy dia hasiany lalana hahafahanareo koa mba hahazakanareo izany”* - 1 Kôr. 10:13

2. MIADY HO ANAO ANDRIAMANITRA

Tahaka ny fanaony hatramin'izay dia tsy mamela antsika hiaritra samirery Andriamanitra fa manolotra antsika ny vahaolana, indrindra rehefa manaraka ny torolalana omeny isika. Toy izao no nataon'i Hezekia nanoloana ny fahirano nataon'ny Asyriana: *“Ary noho izany dia nivavaka Hezekia mpanjaka sy Isaia mpaminany, zanak'i Amoza, ka nitaraina tamin'ny lanitra.”* - 2 Tan. 32:20. Fantar'i Hezekia fa na vitsy aza ny miaramilany, ny miaramilan'ny lanitra kosa be lavitra noho ny fahavalony; na bitika aza ny finoany, ilay Andriamanitra ninoany kosa dia Lehibe sy Mahatalanjona. Nidina amim-pahatezerana hanafika azy ny fahavalo, fa niakatra amim-pinoana ho eo amin'Andriamanitra kosa izy. Tamim-pinoana mafy orina no nilazany hoe: *“Sandry nofo no momba azy, fa Jehovah Andriamantsika kosa no momba antsika hamonjy antsika ka hiady ny adintsika.”* - 2 Tan. 32:8.

Mahaliana ny tohin'ny tantara, satria tsy nampiasain'ny vahoakan'Andriamanitra akory ireo lefona aman'ampinga betsaka vao namboarina. Izao no ambaran'ny Soratra Masina: *“Ary Jehovah naniraka anjely izay nandringana ny lehilahy mahery rehetra sy ny mpanapaka ary ny komandy teo an-tobin'ny mpanjakan' i Asyria, ka dia lasa nody amin-kenatra Sankeriba. Ary nony niditra tao an-tranon'ny andriamaniny izy, dia namono azy tao tamin'ny sabatra ny zanany naterany.”* - 2 Tan. 32:21. Tena lehibe sy mahatalanjona Andriamanitra, ka ny ady sarotra natrehan'ny vahoakany marefo dia novitainy tamin'ny fomba “tsotra” sy “mora foana”. Mety misy hifandraisany amin'ny fiainanao ve izany?

Marina fa ny fotoana niainan'i Hezekia, tsy fotoana iainanao - ny toerana nisy an'i Hezekia, mety tsy misy anao - ny olana natrehin'i Hezekia, tsy mitovy amin'ny olanao. Fa izao kosa: Ny Andriamanitra namonjy an'i Hezekia dia mbola io no Andriamanitrao. Izy no ilay Andriamanitra *“aro sy hery ho antsika; Mpamonjy mora azo indrindra amin'ny fahoriana.”* - Sal. 46:1, ilay Andriamanitra *“tsy miova omaly sy anio ary mandrakizay.”* - Heb. 13:8. Izy no Andriamanitra vonona hiady ny adinao, satria ny fanafihana anao dia fihantsiana sy teny ratsy atao Aminy. Toy ny anakandriamasony ianao. Koa minoa fa ireo olana sarotra sy toa tsy mety hivaha mampisavorovoro ny sainao dia hovahany amin'ny fomba tsotra indrindra tsy araka izay noeritreretinao akory.

Raha sanatria anefa... Raha sanatria ka mihasarotra ny zava-drehetra, dia hitanondrika ve isika? Maniry fatratra aho ny mba handraisantsika ho teny filamatra eo amin'ny fiainantsika ny teny fanta-daza izay nolazain'ny tovolahy telo be herim-po tamin'ny mpanjaka tsy refesi-mandidy iray: *«Ary na dia tsy izany aza»* dia aoka ho fantatr'izao tontolo izao fa hitoetra ho mahatoky amin'Andriamanitray izahay (Dan. 3:18) ary hifantoka amin'ny zavatra any ambony mandrakariva ny sainay.

3. KATSAHO NY ZAVATRA ANY AMBONY

Tsy ho hain'ny saintsika takarina mandrakariva ny fomba entin'Andriamanitra mitantana ny fiainantsika. Mety ho sarotra hazavaina ny zavatra mitranga kanefa matokia fa mbola tsy manaisotra ny fiahiany amintsika Izy. Alaim-panahy isika, indraindray, hieritreritra fa efa tsy mifehy izay rehetra momba ny fiainantsika intsony Andriamanitra. Toa mihevitra ho efa nafafoiny isika ary toa mikorontana ambony ambony ny zavatra rehetra. Tsy izy anefa no mahafoy fa isika no efa jamben'ny haizim-pahotana. Ny saintsika no efa vonton'ny faharatsian'izao tontolo izao ka toa tsy afaka mahita izay irin'i Kristy ho tazantsika any ambony intsony isika. Mila firaisana amin'i Kristy isika, fa raha tsy izany dia ho resy. Mila sokafana hibanjina sy hahita ilay fahasavana tsy mety levona mandrakizay ny masom-panahintsika mba tsy hampisavorovoro sy handreraka ny saintsika. *“Koa raha niara-natsangana tamin'i Kristy hianareo, dia katsaho ny zavatra any ambony, any amin'ny itoeran'i Kristy, izay mipetraka eo an-tànana ankavanan' Andriamanitra. Saino ny zavatra any ambony, fa tsy ny zavatra ety an-tany. Fa efa maty hianareo, ary ny fiainanareo miaramiafina amin'i Kristy ao amin'Andriamanitra.”* - Kôl. 3:1-3.

Nisy lehilahy iray nofonjaina tao amin'ny toerana maizina sy mikitroka tsy ahitana na inona na inona. Kanety kely iray no mba hany nandaniany andro sy nanariany ny eritreriny. Atsipiny ambony eny amin'ny rindrina ilay kanety, avy eo dia mandany fotoana hihainoana ny fitontony sy ny fikorisany amin'ny tany izy ary mandadilady sy mitsapatsapa ao anaty tranomaizina mandra-pahitany ilay kilalaony sarobidy. Dia toy izany hatrany no ataony. Indray andro anefa raha iny izy nanipy tamin'ny rindrina ilay kanety kely iny, dia indro fa tsy nitontona intsony ilay izy. Ny fahanginana no mba hany namaly azy tao anaty haizina. Nikoron-tana tanteraka ny sainy noho ny fanjavonan'ilay kanety sy ny tsy fahaizany manazava izay antony nahavery sy tsy nampitontona azy. Vokatry'izany dia lasa adala izy, ary nongotrongotany avokoa ny volony ka dia maty izy. Rehefa naka ny fatiny ny mpiasan'ny fonja dia nahatsikaritra zavatra niraikitra tamin'ny tranon-kala matevina teny amin'ny zoron-trano ambony ary velom-panontaniana hoe: inona no mba mahatonga ity kanety ity nihantona teto?

Maneho amintsika io tantara io fa betsaka ny zavatra tsy takatry ny saintsika sy tsy tazan'ny masontsika amin'ny maha-olombelona antsika. Mamono antsika ny famenoana ny saina amin'ny faharatsiana tsy hay hazavaina manjaka amin'izao fiainana efa rakotra haizina tanteraka izao. Ilay Andriamanitra mahalala sy mifehy ny zavatra rehetra no tokony hanankinantsika ny fiainantsika. Ary aoka ny fitiavany no hamenoana ny saina. Hevero izay nataony ho antsika. Nomeny ho faty hamonjy antsika ny Zanany. Notefeny ho tonga olom-baovao isika, dia natsangany

ho zanany. *“Ary raha zanaka, dia mpandova; eny, sady mpandova an’Andriamanitra no mpiray lova amin’i Kristy koa, raha miara-miaritra aminy isika mba hiaramanam-boninahitra aminy koa.”* - Rôm. 8:17.

Rariny raha hiaritra isika satria Izy no efa miady ho antsika ary manomana izay tsara lavitra ho antsika. Tsy mahagaga ny apôstôly Paoly raha nandao izao tontolo izao ka tsy nanana reheha afa-tsy noho ny amin’i Kristy. Nasehony fa fatiantoka avokoa ny zavatra rehetra, taimboraka ireny aminy mba hahazoany an’i Kristy. Tsy nandany andro hisainana izay tsy takatry ny sainy hohazavaina izy fa nibanjina amim-pinoana ny tsara indrindra miandry azy rahatriazy. (Fil. 3:8).

Mandra-pahoviana isika no ho voasaringotr’izao fiainana izao? Ry vehivavy namako, tsy voahozona hovejain’ny fahakiviana sy ny faharesena lava isika. Azontsika atao ny hitoetra ho mahatoky ary ho miaramila tsaran’i Kristy, hisaina ny zavatra any ambony. Hiandrindra ny teny fikasana *“Fa Andriamanitra ny fahasoavana rehetra, izay efa niantso anareo ho any amin’ny voninahiny mandrakizay ao amin’i Kristy, rehefa niaritra fahoriana vetivety hianareo, dia Izy no hahatanteraka sy hampiorina ary hampitoetra anareo.”* - 1 Pet. 5:10.

Izao no fotoana mety indrindra hanavaozana indray ny fanapahan-kevitra fa izay efa natomboka dia hotohizana ary hiaretana hatramin’ny farany. Raha mandalo vetivety monja ny fitsapana, nahoana isika no tsy haharitra ka hiara-mihiaka amin’i Paoly apôstôly hoe: *“Fa ny fahorianay maivana, izay vetivety foana, dia mainka miasa fatratra indrindra ka mahatanteraka voninahitra mavesatra maharitra mandrakizay ho anay”* - 2 Kôr. 4:17? Raha Andriamanitra no miady ho antsika, nahoana isika no hatahotra, ary raha valisoa lehibe no efa miandry, nahoana isika no hiverin-dalana? Koa andeha isika hanapa-kevitra hisaina ny zavatra any ambony, ka hifaly amin’ny

fanantenana, hiaritra amin’ny fahoriana ary haharitra amin’ny fivavahana satria efa dodona hanome ny satro-boninahitra fiainana ho antsika i Kristy. Miandrindra ny hihazonantsika hatramin’ny farany ny fandresena Izy, ary tsy ho ela dia hivoaka ho mpandresy isika. Amin’izay fotoana izay, ho tonga fitalanjonan’ny maro ny momba antsika manoloana ny seza fiandrianan’i Kristy. Hanontany ny loholona hoe: Iza moa ireo vehivavy miakanjo akanjo fotsy lava? Ary avy taiza izy? Dia hamaly ny Tompo hoe: Ireo no avy tamin’ny fahoriana lehibe, ary ny akanjony nosasany sy nofotsiany tamin’ny ran’ny Zanak’ondry. Mino aho fa ho isan’ireo ianao, ho isan’ireo isika, satria manomboka anio dia hanandratra ny fanahintsika ho amin’Andriamanitra isika ary tsy hisaina afa-tsy ny zavatra any ambony. Amena!

HOSAINTSAININA

Tamin’ny alalan’ity lesona androany ity dia hitantsika fa tsy voahe-loka ho andevon’ny fahakiviana sy ny tsy fahombiazana tsy misy fiafarana isika. Amin’ny fampiharana, ahoana no ahafahantsika mandeha tsy amin-kenatra – inona ireo toetra tokony hananantsika? Zarao ao amin’ny tarika ireo torohevitra azo ampiharina.

ANTOM-BAVAKA MANOKANA

1 – Vavaka mba hahazoan’ny vehivavy tsirairay avy asa, araka ny talentany – mba hahafantatra ny talentany ara-panahy avy ny vehivavy tsirairay.

2 – Vavaka ho an’ny vehivavy iharan’ny herisetra ao an-tokantrano.



*Pasitora KIDA Tanteliarivony,
FMC*



HERINANDRO FIARAHA-MIVAVAKA ZOMA

Hery Hamelana Heloka

"Ary raha mitsangana mivavaka hianareo, ka misy olona anananareo alahelo, dia mamela ny helony, mba havelan'ny Rainareo izay any an-danitra kosa ny helokareo". - Mar. 11:25

Fampidirana

Ny filana famelan-keloka dia singa mandrafitra sy natao handrariana ny fiainantsika. Ny mety ho anton' izany dia satria mpanota avokoa isika. Ny famelan-keloka dia mitana anjara toerana lehibe koa eo amin'ny fiainan'ireo patriarka ao amin'ny Baiboly. Tsy nisy ny vahoaka Isiraely raha toa ka tsy navelan'i Esao ny fahotan'i Jakôba. Tsy lasa mpanjakan'Isiraely i Sôlômôna raha tsy navelan'Andriamanitra ny helok'i Davida. Ary na izaho na ianao dia tsy ho tonga teto an-tany raha tsy navela ny helok'i Adama sy i Eva. Tsy manana ho avy na iza na iza amintsika raha toa ka tsy namela ny helotsika Andriamanitra. Mahavariana fa heverintsika ho zavatra mandeha ho azy ny faneken'Andriamanitra hamela ny fahotantsika. Saingy sarotra amintsika kosa ny mamela ny heloky ny hafa na mifamela heloka.

Eo amin'ny fiainantsika dia mila mamela ny heloky ny hafa mandrakariva isika. Matetika no sarotra ny mamela heloka. Maro ireo olona miady amin'izany. Maniry ny hamela heloka izy ireo saingy tsy fantany hoe ahoana no fomba hanatanterahana azy satria miverina ao an-tsainy ny tsiaro sy ny fihetseham-po niainany tamin'izany. Nahoana no sarotra ny mamela heloka? Inona no atao hoe famelan-keloka? Inona no ilaiko mba hahafahako mamela heloka? Ahoana no hahafahako mamela heloka sy manadino?

Inona no mitranga raha tsy mamela heloka isika? Inona no mitranga raha asaintsika aloan'ilay olona ny vidin'ny asa ratsiny raha nanao izay nampalahelo sy nandratra antsika izy? I Mahatma Gandhi dia niteny tamim-pahendrena fa "Ny maso solon'ny maso sy ny nify solon'ny nify dia hitondra ity izao ity amin'ny fahajambana sy ny fahabangana."

Tsara sy ilaina tokoa ny mahatsiaro fa raha tsy mamela ny heloky ny hafa isika, dia tsy ilay olona ihany no ho voaratra noho izany, fa ny tenantsika koa. Ny fikarohana dia nahita fa ny olona tsy mahay mamela heloka dia manana olana ara-pahasalamana betsaka. Etsy andanin' izany kosa, rehefa mamela heloka isika dia manatsara ny fahasalamantsika izany.

Ny famelan-keloka dia ahazoana tombony betsaka eo amin'ny fahasalamana. Rehefa mamela heloka isika dia...

- Mihena ny tosidra
- Mihena ny rarintsaina.
- Mihena ny haratsiam-panahy sy ny herisetra.
- Mihena ny fiankinan-doha amin'ny alkaola sy ny zavatra hafa
- Mihena ny fahakiviana sy ny ahiahy
- Mihena ny fanaintanana
- Salama ny fo
- Mihafaingana ny fanasitranana
- Mifandanja tsara ny fihetseham-po ary mahita firindrana eo amin'ny fiainana.

Ny olona izay mahay mamela heloka dia manana fahasalamana sy fifaliana betsaka kokoa noho ireo izay mihazona lolom-po sy alahelo.

Mahavariana tokoa fa araka ny fikarohana izay nataon'ny Gallup Organization tamin'ny taona 1988 tany USA dia:

- 94% -n'ny olona no milaza fa tena ilaina ny famelan-keloka.
- 85% -n'izy ireo no nilaza fa mila fanampiana avy any ivelany izy ireo mba hahafahany mamela heloka.¹

Mety ho kely monja ny fiovaovan'ny salan'isa taona maro taty aoriana. Samy mahafantatra ny olona fa ilaina ny mamela heloka, saingy tsy ataony izany. Mila fanampiana izy ireo; mila olona hanazava hoe ahoana no fomba atao mba hahafahana mamela heloka. I Nancy Van Pelt dia maneho fanazavana mahafinaritra ao

amin'ny boky nosoratany, izay mitondra ny lohateny hoe: "To Have and to Hold". Nanoratra valinteny miavaka ho an'i Ann Landers (anarana napetraka ho an'ny olona iray izay nanoso-kevitra tao amin'ny gazety) izy.

"Ann Landers malala,

Mety ho vato angamba no nanamboarana anao. Miteny amin'ny vady, zanaka lahy sy vavy, olon-tiana, namana, mpiara-monina, ... ianao mba hahay hamela heloka sy hanadino. Tsy fantatrao ve fa tsy afaka fotsiny tsotr'izao anie ny olona e! Marary loatra ny ratra nahazo azy, ratsy loatra ny takaitra navelan'izany. Esory mihitsy ny lohanao dia ahantony eny amin'ny rahona na any amin'izay toerana tokony hisy azy mba hahafahanao mampiasa izany. Resaka fotsiny ary fihamboana fotsiny ny manao toetran'olo-masina kanefa ny tena mbola olombelona mety maty ihany.

Sonia,

I Tsi-masina

Izao no navalin'i Ann Landers:

"Ry Tsi-masina malala,

Ho an'ireo izay tsy tia ny torohevitra mba hamela sy hanadino, dia ity misy zavatra iray azony atao. Aza avela ny helony ary aza hadinoina ny ratsy nataony. Tohizo ny fiainanao ary tsy maninona fa iareto ao ny ratra sy ny alahelo, averimbereno izany tsipirian-javatra tamin'ny lasa izany mba hankarary anao. Nofiso izany. Mitomana mafy dia mafy dia teneno hoe mampalahelo mihitsy ianao. Ataovy izay hampahia anao, ataovy izay haharatsy endrika ny masonao ka hampahatahotra izay rehetra mijery anao. Ataovy izay hankarary vavony anao sy izay hankarary an-doha anao. Ataovy izay hankarary anao amin'izay rehetra ratsy nataony anao. Raha izany no ataonao dia azo antoka fa hampahonena ny hiafaran'ny fiainanao, marary, mangidy ary samirery."²

Nahoana no sarotra ny mamela heloka?

Izao no nolazain'i Mère Thérèse amintsika, "Raha tena maniry ny hitia isika, dia tokony hianatra ny hamela heloka." Mialoha ny hahitantsika hoe ahoana ny fomba hahafahantsika mamela heloka, dia andeha hojerentsika hoe nahoana no sarotra ny mamela heloka.

Sarotra ny mamela heloka noho ny antony maro:

- Misy zavatra tsy voaporofa maro inoantsika mahakasika ny famelan-keloka.
- Mino ilay tontolo hanjakan'ny fahamarinana isika.
- Tsy ekentsika hoe avelan'Andriamanitra hitranga ny zavatra mandratra ary tsy manaiky ny hitrangan'izany isika.
- Tsy fantatsika ireo dingana samihafa ao amin'ny famelan-keloka.
- Tsy fantatsika ny mahakasika ny "elanelan'ny tsy fahamarinana."
- Tsy fantatsika akory ny atao hoe famelan-keloka.
- Tsy haintsika ny mamela heloka.

Andeha hojerentsika vetivety ny mahakasika ny tsirairay amin'ireo.

1) Misy zavatra tsy voaporofa maro inoantsika mahakasika ny famelan-keloka.

Misy zavatra maro inoan'ny olona mahakasika ny famelan-keloka. Heverin'izy ireo fa ny atao hoe mamela heloka dia:

- Manao ho toy ny tsy nisy ny ratra sy ny ratsy izay nataon'ny hafa tamin'ny tena.
- Manadino ary tsy mahatsiaro izany mandrakizay.
- Milaza fa tsy misy dikany iny zavatra nandratra iny.
- Mamela ny hafa hanao ny toy izany indray.
- Tsy hisy vokany izany ratsy izany.

Izany no mahatonga ny olona tsy hahay hamela heloka. Lasa sarotra aminy ilay izy. Mihevitra izy ireo fa raha toa ka mamela heloka dia hihevitra ilay nanao ratsy fa tsy misy dikany ilay olona nanaovany ratsy.

Ny famelan-keloka dia:

- Tsy jiro maitso hahafahana mamerimberina ilay ratsy natao.
- Tsy fifanarahana ho amin'ny fandriam-pahalemana.
- Tsy fanadinoana.
- Tsy hoe tsy firaharaha ny ratra sy ny alahelo niainana.
- Tsy fampahafantarana fa diso isika.

Tsy ny iray amin'ireo no atao hoe famelan-keloka. Fahasoavana atao ho tonga asa izany. Ao aoriana kely ao dia hohazavantsika izany. Ankehitriny aloha dia hodinihantsika ireo antony mahatonga ny famelan- keloka ho sarotra ho an'ny olona.

2) Mino ilay tontolo anjakan'ny fahamarinana isika

Antony iray mahatonga antsika tsy hahay hamela heloka ny finoana fa eto amin'izao tontolo izao anjakan'ny fahamarinana isika". Vokatry izany dia mitady hampanjaka izany fahamarinana izany isika. Mety ho avy any Edena angamba no nahazoantsika izany fomba fisainana izany. Asa angaha, any am-parahatoky ny fieritreretantsika any mihitsy no mihevitra fa izay manao tsara dia tsara no zavatra hihatra aminy ary izay manao ratsy dia hiharan'ny loza. Tsy izany anefa ny zava-misy.

Tsy marina izao tontolo izao. Mety hisy zavatra ratsy hihatra amin'ny olona tsara, tsy anjarantsika ny mamaly fahy sy mampanjaka ny fahamarinana. Andriamanitra irery ihany no hany mpitsara marina.

Ny fanirantsika hitondra fahamarinana sy famaizana ho an'izay nanao ratsy dia mahatonga antsika hanadino fa Andriamanitra irery ihany no afaka mitondra ny marina. Maika ery isika hipetraka eo amin'ny toeran'ny mpitsara. Indrindra moa ka nisy olona nanao ratsy antsika. Rehefa tsy afaka manao na inona na inona isika, dia sazintsika izy ireo amin'ny alalan'ny tsy fanomezantsika famelan-keloka ho azy.

3) Tsy takatsika hoe nahoana no avelan'Andriamanitra hitranga ny zavatra mampalahelo sy mandratra antsika

Mety hanaiky isika fa Andriamanitra no hany mpitsara marina, saingy tsy azontsika hoe nahoana no avelany hitranga eo amin'ny fiainantsika ny zava-dratsy toy izany. Mety handratra antsika izany ary hanakana antsika tsy hamela heloka. Ilaintsika ny mianatra ny matoky Azy. Izy dia mahalala ny antony nampandalovany antsika amin'izany lalana izany. Mety ho tanjony amin'izany ny hananantsika toetra mitovy amin'ny azy, na koa ho namany amin'ny fikarakarana ny hafa. Matetika ny olona iharan'ny tsindry azo lena ataon'ny hafa no lasa fitaovana mahery vaika eo am-pelatanan'ny Tompo. Ilay olona avy eo no afaka hanampy ny hafa handresy sy hiatrika olana mitovy amin'izay nolalovany na izay mety ho sahala amin'izany.

4) Tsy fantsika ireo dingan'ny famelan-keloka

Mety ho hitantsika fa sarotra ny mamela heloka satria tsy fantatsika fa misy dingana arahina hahatongavana amin'izany. Ireto avy izy ireo: - Fahavoazana - Fanaintanana - Fanasitranana - Famelan-keloka - Ary famitranam-pihavanana mihitsy aza!

Sarotra ny famelana heloka raha mbola ao amin'ny dingana voalohany na faharoa ianao. Mila fotoana isika hahasitranan'izay fery. Izay vao ho azontsika atao ny misaina amim-pahatoniana ny zava-nitranga. Indraindray dia azo atao ny mamela heloka fa tsy azo atao kosa ny famitranam-pihavanana. Tsy maintsy ny andaniny roa no miova ho tsara fisainana vao mety izany famitranam-pihavanana izany.

5) Tsy fantatsika ny antsoina hoe: "elanelan'ny tsy fahamarinana."³

Araka ny fikarohana natao mahakasika ny famelan-keloka, dia azo heverina fa ny fanaovana zavatra mandratra dia mampisy elanelana. Sarotra ny mamela heloka rehefa lehibe loatra io hantsana manelanelana io. Ilay olona nanao izay nandratra dia afaka mampihena izany elanelana izany amin'ny alalan'ny fifonana na fanaovana zavatra hampihena izany elanelana izany. Azon'ito farany atao koa ny tsy miraharaha ny fahadisoana nataony, manao izany ho toy ny tsy nisy ary manitatra ny elanelana izay efa misy. Mora kokoa ny mamela heloka rehefa manao izay azony atao hampihenana ny elanelana ilay nanao fahadisoana. Saingy aoka ho tsaroantsika mandrakariva fa ilaintsika ny mamela heloka na dia tsy nifona sy nampihena ny elanelana aza ilay nanao ratsy.

6) Tsy fantatsika ny hevitra ny hoe famelan-keloka.

Sarotra ny mamela heloka satria matetika no tsy fantatsika ny atao hoe famelan-keloka marina sy ny fomba famelana heloka. Araka ny efa voalaza teo aloha teo, ny famelan-keloka dia fampiharana ny fahasoavana. Avy any an-danitra ny famelan-keloka. Toetra avy any an-danitra izany. Izao no nolazain' Alexander Pope: "Ny fanaovana fahadisoana dia an'olombelona, ny famelana

kosa dia an'Andriamanitra". Ny fahafahantsika mamela heloka dia miankina amin'ny fahatakarantsika ny famelan'Andriamanitra heloka, ny fomba fitondrantsika ny tenantsika, ary koa ny efa nainantsika ny fahasoavan'Andriamanitra eo amin'ny fiainantsika.

"Ny zavatra tena mahatsikaiky dia ny izao, tena tiantsika toy ny tenantsika ny hafa: ataontsika amin'ny hafa izay tiantsika hataon'ny olona amintsika. Mamela ny hafa isika rehefa mamela ny tenantsika. Afaka isika rehefa mahazaka ny tenantsika. Mankahala ny hafa isika rehefa mankahala ny tenantsika. Mahazaka ny hataontsika sorona ny hafa rehefa vonona ny hanao sorona ny tenantsika isika." (Eric Hoffer)

Mety hodinihantsika ny andalan-teny izay mitatitra ny fanontaniana napetrak'i Petera tamin'i Jesôsy mahakasika ny famelan-keloka: "Dia nanatona Petera ka nanao taminy hoe: *Impiry moa no hanotan' ny rahalahiko amiko ka havelako izy? Hatramin'ny im-pito va? Fa hoy Jesosy taminy: tsy lazaiko aminao hoe: Hatramin'ny im-pito, fa hatramin'ny im-pito amby fitopolo*". - Mat. 18:21-22.

Nampian'i Jesôsy ilay fanoharana mahakasika ilay mpanompo tsy nahay namela heloka izany. (Mat. 18:21-35).

Ao amin'izany tantara izany, nisy olona iray nananan'olona trosa talenta 10 000, ary navotsotra izany trosa izany. Na izany aza, nananany denaria 100 ny olona iray hafa. Notereny izy handoa izany trosa izany. Andeha hojerentsika hoe hafiriana ny olona iray no afaka mahazo talenta 10 000 ary hafiriana no itadiavana denaria 100.

"Ny denaria iray dia karaman'ny olona miasa mandritra ny tontolo andro. Ny jiosy iray dia miasa mandritra ny 50 herinandro isan-taona, raha esorina ny andro tsy fiasana jiosy. izany hoe isan-taona izany dia denaria 300 no azon'ny mpiasa iray – 50 X 6 andro X 1 denaria. Noho izany àry, ny denaria zato dia azo ao anatin'ny efa-bolana iasana.

Izany hoe raha mikarama denaria 300 isan-taona ny olona iray, ao anatin'ny 20 taona izy vao mahazo denaria 6 000. Dia hoy ny mpanjaka aminy hoe: "arahabaina, niasa nandritra ny 20 taona ianao, nahazo denaria 6 000 ianao". Ny denaria 6000 dia mitovy amin'ny talenta iray. Raha miasa 20 taona izany ilay rangahy nitrosa tamin'ny mpanjaka dia mbola ananan'ny mpanjaka talenta 9 999.

Izany hoe, raha roapolo taona no ilaina vao afaka mahazo talenta iray dia 200 000 taona izany no tadiavina vao ho afaka mandoa talenta 10 000 ilay lehilahy.⁴

Nanao izany fanoharana izany Jesôsy mba hampahafantarana antsika fa tsy misy dikany ny ratram-po izay mahazo antsika raha ampitahaina amin'ny ratsy ataontsika aminy. Na izany aza dia mbola mamela ny helotsika hatrany izy isan'andro isan'andro.

Hitantsika àry izany fa ny famelan-keloka dia:

- Fampiharana ny fahasoavana. Rehefa mihevitra ny mahakasika ny famelan-keloka isika dia mijery ny toetran'Andriamanitra sy ny fahasoavany. Tsy misy fepetra ny fahasoavana, famindrampo tsy mendrika ho antsika izany.

- "Ny famelan-keloka dia hanitry ny voninkazo, eo an-tanan'izay nitango azy." (Mark Twain).

- Ny Mika 7:19 dia milaza amintsika fa rehefa mamela ny fahotantsika Andriamanitra dia manary izany any amin'ny ranomasina lalina. Nisy olona nanampy hoe: "dia asiany takela-by eo manao hoe 'tsy azo anjonoana'". Na izany aza, ny tena mahafinaritra antsika dia ny manjono ireny fahotantsika rehetra ireny. Mahafinaritra antsika ihany koa ny manjono ny fahotan'ny hafa. Saingy aoka hotsaroantsika fa tsy azo atao ny manjono eo.

- Rehefa tsy mahavita mamela ny heloka nataonao ianao, na izay nataon'ny hafa, fa mbola miverimberina ao an-tsainao ihany izany dia tsarovy ilay teny hoe "tsy azo atao ny manjono eto".

Aoka hotsaroantsika ihany koa fa...

- Raha misy olona miady amintsika dia tsy hanana fiadanana na oviana na oviana ny fanahintsika.

- Ireo olona tezitra dia mampahatezitra olona.

- Ny famelan-keloka dia manova antsika izay voagadra teo aloha ho tonga olon'ny fiadanana.

- Ny famelan-keloka dia manampy antsika hihavana amin'ny lasantsika.

Azonao atao koa ny manampy ireto manaraka ireto ao amin'ny naoty raisinao:

- "Ny adala rehetra dia mahay manakiana, manome tsiny, sy mitaraina saingy ny famelan-keloka sy ny fahatakarana ny mahazo ny hafa kosa dia ilaina amin'ny fahaizana mifehy tena." (Dale Carnegie)

- "Ny famelan-keloka dia midika ho fahatakarana ny hafa." (Ohabolana frantsay)

- "Ny olona manana ny maha-izy azy ihany no mahay mamela heloka." (O. Ozheshko)

Ny mahafinaritra indrindra amin'ny famelan-keloka dia izao: FAHALALAHANA avokoa izany rehetra izany!

- Ny famelan-keloka dia manome fahafahana ny tenako!
- Ny famelan-keloka dia manome fahafahana ilay nanao ratsy!
- Maimaim-poana ny famelan-keloka!
- Tsy misy fepetra ny famelan-keloka!
- Manana hery ny famelan-keloka, na dia tsy nifona aza izy, na dia tsy nihavana aza ianareo!

• Ny hery hamelana heloka dia avy amin'Andriamanitra!
"Sambatra ny mpampihavana fa izy no antsoina hoe zanak'Andriamanitra." - Mat. 5:9.

7) Tsy haintsika ny tokony hatao mba hamelana ny heloky ny hafa

Izany no mitarika antsika eo amin'ny teboka manandanja indrindra hahafantarantsika ny fomba hamelantsika ny heloky ny hafa? Tokony hotsaroantsika fa ny famelan-keloka dia tsy hisy mihitsy raha tsy nanapa-kevitra ny hamela ianao. Safidy ny famelan-keloka voalohany. Tsy miankina amin'ny fibebahan'ilay olona izany. Fanapahan-kevitra ataon'ny tena manokana izany. Tsy maintsy mamela heloka isika na dia tsy mahazo fialan-tsiny sy tsy mahita famitranam-pihavanana aza.

Dingana arahina amin'ny famelan-keloka

Maro ireo dingana arahina hahatongavantsika amin'ny famelan-keloka, indrindra fa rehefa toa manano sarotra ny fanatanterahana izany.

Dingana 1

• Ataovy ny lisitry ny anaran'ireo olona na toe-javatra izay nampalahelo anao indrindra

• Anontanio ny tenanao:

o Nahoana no sarotra ny mamela ny helok'ity olona iray ity?

o Amin'ny fomba ahoana no mahatonga izany olona izany hisy fiantraikany eo amin'ny fiainako, ny fahasalamako, ny fifandraisako amin'Andriamanitra sy amin'ny hafa?

o Inona no fihetseham-poko isaky ny mahatsiaro izany toe-javatra izany aho?

o Inona no tiako hitranga mba hahafahako mamela ny helony?

o Inona no zavatra tokony hataoko manokana mba hahafahako mamela heloka sy manadino?

Mety hifamadibadika ny fomba famalianao ireo fanontaniana ireo. Ny tena marina dia izao: tsy maintsy manao safidy fotsiny isika dia ny manapa-kevitra ny hamela heloka.

Dingana 2

• Mandraisa fanapahan-kevitra hamela heloka.

• Ento amim-bavaka izany.

• Lazao an'Andriamanitra ny fihetseham-ponao sy izay mankarary anao.

• Apetraho eo an-tanan'Andriamanitra ny mahakasika ilay olona nanao izay nampalahelo anao.

• Ento amim-bavaka izy. (Mat. 5:44)

Dingana 3

• Saino: Iza no tompon'andraikitra amin'ny fihetseham-ponao, ny aretim-ponao ary ny alahelonao? Iza no tompon'andraikitra amin'ny tsy hahafahako mamela heloka?

• Manapaha hevitra: Inona no tokony hataoko raha mbola mankarary ahy izany zavatra izany amin'ny hoavy? Ny tsara indrindra dia ny mampahatsiahy ny tenanao ny amin'ny fanapahan-kevitra tokony horaisinao. Lazao ny tenanao hoe: "Ajanòny any izany! Tsy miaina ao amin'ny lasa intsony aho! Ny ankehitriny no iainako, amin'ny hoavy dia olona afaka aho!"

Ny famelan-keloka dia mamela ny hafa ho afaka amin'ny fanakianana ary mamela ny hafa koa amin'ny gadra, amin'ny fiheveran-dratsy sy ny fihetseham-po ratsy. Nisy olona iray niteny hoe: "Tsy azontsika atao ny mihinana poizina isan'andro ary hanantena fa ny hafa no ho faty eo amin'ny toerantsika". Tsarovy koa fa rehefa mahita elanelana Andriamanitra dia manorina lalana hampifandraisana azy ireo Izy. (Robert Schuller).

Ao amin'ny Mar. 11:25, dia izao no vakintsika: "Ary raha mitsangana mivavaka hianareo, ka misy olona anananareo alahelo, dia mamela ny helony, mba havelan'ny Rainareo izay any an-danitra kosa ny helokareo". Iza no torohevitra omen'i Paoly antsika: "Ary aoka sany halemy fanahy amin'ny namany avy hianareo, ka hifampiantra sy hifamela heloka, tahaka ny namelan'Andriamanitra ny helokareo ao amin'i Kristy" (Efes. 4:32).

"Ny Baiboly dia mampianatra antsika hitia ny namantsika ary hamela ny heloky ny fahavalontsika. Matetika mantsy dia olona mitovy ihany ireo resahina ireo."

Misy fahasamihafana eo amin'ny fanapahan-kevitra hamela heloka sy ny famelan-keloka ara-pihetseham-po. Tsy mitovy ireo zavatra roa ireo, mety hahatsapa fihetsem-po ianao na dia tsy mbola namela heloka aza. Mety mila fotoana maharitra vao ho sitrana ny alahelonao. Na izany aza, ampahatsiahy ny tenanao ny fanapahan-kevitra noraisinao. Aza avela hibahana ny eritreri-dratsy. Mahazo toerana ny fanasitranana marina rehefa mitovy ny zavatra lazain'ny fihetsem-ponao sy ny fanapahan-kevitrao. Voavelanao ny helok'ilay olona. Ahoana no ahafantaranao fa eo amin'izany toerana izany ianao? "Fantatrao fa navelanao ny helok'ilay olona rehefa tsy mampahatezitra anao intsony ny fandalovan'ny anarany ao antsinainao" (Karyl Huntley).

Famintinana

Misy zavatra sasany tsy azontsika fehezina eo amin'ny fiainantsika. Ny olona rehetra dia samy manao ny fanapahan-keviny na ratsy izany na tsara; samy manana ny tahan'ny fahamatorany ny tsirairay. Mety handratra sy hanao izay mampalahelo ny hafa izy ireo. Na izany na tsy izany, ny famelana ny heloky ny hafa dia mariky ny fahamatorana!

N'ionon'ionona mitranga dia afaka misafidy ny ho mpitondra hatsarana isika. Ny hery hanaovana izany, ny hery hamelana ny heloky ny hafa dia azo raisina na amin'ny fotoana inona na amin'ny fotoana inona, avy any an-danitra.

Misy tantara iray mahakasika ny vehivavy izay nanova ny toerana iray ho tonga toerana mahafinaritra tanteraka. Nandritra ny taona maro izy dia namboly voninkazo teo amin'izany toerana izany. Nony farany dia nahazo zaridaina tsara tarehy izy. Ny olona rehetra izay mamangy io toerana io dia mahita ireto fehezanteny manaraka ireto:

• Valin'ny fanontaniana izay mety hapetrakao:

• 50,000 fototra

• Natao tsikelikely, nambolena tsirairay. Vehivavy no nanao azy. Tanana roa, tongotra roa, saina iray.

• Natomboka tamin'ny 1958.¹⁵

Nahafinaritra izany fandaharan'asa izany! Natao tsikelikely, nambolena tsirairay. Ny dingana atao tsikelikely dia mety hanova ny fiainanao ho toy ny zaridaina mahafinaritra iray.

Aoka hataontsika ao an-tsaina fa izay manao izay hahafaly ny hafy no tena mahita fifaliana, izy ireo no olona feno fifaliana indrindra!

Andeha haingana isika hanome fifaliana ny hafa satria:

• Ny minitra ahitana fifaliana dia mahatonga ny ora ho feno fifaliana;

• Ny ora ahitana fifaliana dia mahatonga ilay andro ho andro nahitana fifaliana;

• Ny andro iray asiana fifaliana dia mahatonga ilay volana manontolo ho feno fifaliana;

• Ny volana ahitana fifaliana dia mahatonga ny taona iray ho taom-pifaliana ary

• Ny taona feno fifaliana iray dia mahatonga ny fiainana iray manontolo ho feno fifaliana!

Safidio ny ho afaka

"Ny iray amin'ireo fahafinaritana tsara indrindra iainanao dia ny fihetseham-po renao rehefa mamela ny fahavalonao ianao - na fantany izany na tsy fantany." (A. Battista)

Hamela heloka sa tsia? Safidinao izany! Saingy ny Rainao izay any an-danitra dia vonona ny hanampy anao hampihatra ny fahasoavana avy any an-danitra ary hamela anao ho olona afaka amin'ny hoavinao!


Galina Stele, D.Min.

ANTOM-BAVAKA MANOKANA

1 - Vavaka ho an'ny mambran'ny kômitim-piangonana - mba hahafahan'izy ireo mandray fanapahan-kevitra hendry amin'ny fampandrosoana ny asan'Andriamanitra.

2 - Vavaka ho an'ny raim-pianakaviana noho ny andraikiny ao an-tokantrano.

1. <http://www.gutenberg.us/articles/Forgiveness>
2. Nancy Van Pelt, To Have and to Hold: A Guide to Successful Marriage (Nashville, TN: Southern Publishing Association, 1980), p. 21.
3. Everett Washington. Forgiveness research, "What Does Forgiveness Mean?" <http://www.evworthington-forgiveness.com/research/>
4. Philip Massey, "The parable of two debtors in modern terms," The Biola University CHIMES. <http://chimes.biola.edu/story/2010/oct/27/parable-two-debtors/>
5. <http://www.poeticexpressions.co.uk/TheDaffodilPrinciple.htm>



HERINANDRO FIARAHA-MIVAVAKA SABATA FAHAROA

Mangetaheta ny Rano Velona ve Janao?

"Raha misy olona mangetaheta, aoka izy hanatona ahy ka hisotro." - Jao 7:37

Fampidirana

Fantatrao ve hoe hafiriana ny olona no afaka miaina tsy misy sakafo sy rano? Misy milaza fa afaka velona 40 andro ny olona iray na dia tsy mihinan-kanina aza; ary 3 na 4 andro kosa raha tsy misotro rano. Raha misy olona afaka miaina mihoatra ireo andro ireo kanefa tsy misotro rano, dia heverina ho toy ny fahagagana izany. Iray amin'ireny fahagagana ireny ny zava-nitranga tany Haiti, nandritry ny horohorotany nisy tany. I Evans Monsignac no anaran'izany olona izany. Fito amby roapolo taona izy raha niharan'ny horohoron-tany ny faritr'i Haiti tamin'ny Janoary 2010. Manan-janaka roa izy ary mpivaro-bary tao amin'ny tsena mahantra iray tao Haiti. Nandeha niasa toy ny fanaony isan'andro izy tamin'io andro io. Toa nandeha tsara toy ny mahazatra ny zavatra rehetra mandra-pahitany ny trano lehibe iray nirodana. Nianjera teo ankavanany sy ankaviany ny rindrin'ilay trano ka voatery izy nilefa. Nihikiakia ny olona manodidina azy ary nampivarahontsana ny zava-drehetra hitany manodidina azy. Toran-kovitra izy rehefa hitany fa nianjera nankany aminy ny vatan-kazo iray. Avy eo dia nisy zava-mahagaga nitranga, toa nahatsapa izy hoe nisy olona nanala izay hazo be izany. Latsaka tao anatin'ny haizina i Evans. Afaka miaina izy saingy nanahy izy sao dia hisy zavatra hianjera aminy raha vao mihetsika eo izy. Mety handratra azy izany ary mety hampiraraka ireo simenitry ny rindrina izany mandrakotra azy. Nandritry ny andro voalohany, nandre hiakiaka maro izy, saingy nihavitsy sy nihanafelekaka izany nony avy eo ary tonga tamin'ny fahanginana tanteraka mihitsy aza.

Rehefa nosintonina hiala tao anatin'io korontana sy vato aman-kazo nianjera izao izy dia nambaran'ireo mpamonjy voina fa efa 27 andro izy no tsy nisotro rano sy tsy nisakafa. Tsy fantany hoe firy andro izy no nijanona tao. Tsy hainy intsony ny nandrefy ny fotoana. Tsy nahatsiaro tena izy nandritry ny fotoana maro. Nihena 27 kilao izy ary zara raha nilanja 40 kilao tamin'ny fotoana nanavotana azy sy nitondrana azy tany amin'ny hopitaly Tampa tany Florida. Izy no ela velona indrindra tamin'ny olona rehetra voatsindry tany ambanin'ny tany noho ny horohoron-tany, izy ihany koa no olona afaka niaina tsy nisy rano ela indrindra. Misy mihevitra fa mety ho nahita hanina hohanina na rano hosotroina ihany izy nandritry ny fotoana naha tao ambanin'ny tany azy. "Tsia", hoy izy. Saingy nahita rano maloto ihany aho tao hoy izy. Tamin'ny andro faharoa na fahatelo no nahitako izay, hoy izy nitantara. Nanadrana izany rano izany izy saingy narary ny vavoniny rehefa nisotro ilay rano izy. Nokasohany tamin'ny tanany ilay rano ary nolelafiny tsikelikely ilay rano. Tena naharikoriko izany ary nankarary azy mihitsy rehefa nandeha ny fotoana. Nanampy azy ho velona ve izany rano izany? Sarotra ny mamaly izany fanontaniana izany. Izy tenany mihitsy no nilaza, rehefa nanambara ny tantarany izy, fa raha tsy Andriamanitra dia tsy anisan'ny velona intsony izy. "Efa natao ho faty aho", hoy izy, "Saingy Andriamanitra no nanome ahy fiainana." "Ny mbola ahavelomako androany dia tsy avy amiko, fa noho ny fahasoaan'Andriamanitra irery ihany. Fahagagana izany. Tsy haiko ny manazava izany... Ankehitriny dia fantatro fa tokony hanana fiainana tsara indrindra aho mandritry ny andro sisa rehetra iainako, isan'andro isan'andro."¹

Ity tantara ity dia mampahatsiahy ahy fa ny tsirairay amintsika dia miaina fiainana feno faharavana eo amin'ny fiainantsika. Rehefa tonga ny kirizy, dia manandrana ny miaina amin'ny alalan'ny Fanahy isika. Mandritra izany fotoanan'ny kirizy izany dia mangetaheta isika, tsy ho an'ny hetaheta ara-batana ihany, fa hoan'ny karazana rano hafa ihany koa. Mitady ilay rano afaka hame- lombelona antsika isika rehefa toa mipatitaka ny mahakasika ny fiainantsika

rehetra. Rano izay afaka hihazona antsika rehefa tsy mahita fanantenana intsony isika, rano izay afaka hanampy antsika hiatrika ny tahotry ny fahafatesana. Tena manana ny lanjany io rano io ka izany no mahatonga azy indrindray ho sarobidy mihoatra ny rano fisotro.

Kolontsaina maro no manana tantara ahitana io faniriana rano velona io, ao anatin'ny tantara malaza indrindra ao amin'ilay firenena, ireo heverina ho matanjaka indrindra amin'ireo angano sy lovan-tsofina. Ny mpandray anjara fototra izay matanjaka indrindra (héro) ao amin'ireny tantara ireny dia mandeha lalana lavitra mba hahazoana io karazana rano io. Manao sorona ary manao izay tokony hatao rehetra mba hahatrarana sy hahazoana izany rano izany. Mino izy ireo fa izay mahazo io rano manokana io dia tsy ho resy na oviana na oviana, hanana tanjaka tsy hay refesina ary tsy ho faty mandrakizay.

Mahavariana fa ny Baiboly ihany koa dia miresaka sy manolotra io karazana rano io izay isan'ny filàn'ny zanak'olombelona mba hanomezana fahafaham-po io karazana hetaheta io. Raha atao amin'ny fomba fiteny ara-panahy dia izao, tsy ilaintsika ny ho lava andro iainana raha tsy hitantsika fa misy olona fantatsika fa efa nahavita izany noho ilay rano velona. Tsy tian'Andriamanitra raha rano maloto sy ranom-potaka no hosotointsika hanalana ny hetahetantsika. Nasehony antsika ny loharanon'ny rano velona sy tsara indrindra. Tsy mila mandoa vola akory isika, ny rano velona avy amin'i Jesôsy dia maimaim-poana ary azon'izay mangetaheta rehetra raisina amin'ny fotoana rehetra. Na miadana izy eo amin'ny fiainany na ao anaty kirizy. Ny ilain'Andriamanitra dia ny hanatantsika izany loharano izany isan'andro, tsy tapaka, satria izany dia antoky ny fahasalaman'ny fanahy, ny vatana, ary hihazona antsika ho ao anatin'ny fahavelomana mihitsy aza.

Andalan-teny sy hafatra avy ao amin'ny Baiboly

Andeha isika hijery akaiky kokoa an'ireo andalan-teny ao amin'ny Baiboly izay ahitantsika ny mahakasika izany ranovelona izany. Andeha hojerena ny ao amin'ny Jao. 7:37-39: "*Ary tamin'izany andro izany izay andro lehibe tamin'ny andro firavaoravoana, dia nitsangana Jesosy ka niantso nanao hoe: Raha misy olona mangetaheta, aoka izy hanatona Ahy ka hisotro, izay mino Ahy dia hisy onin'ny rano velona hiboiboika avy ao amin'ny kibony, araka ny voalazan'ny Soratra Masina. Ary ny Fanahy, izay efa horaisin'ny mino azy, no nolazainy tamin'izany.*"

Fantatrao ve ny tontolon-kevitra nanambaran'i Jesôsy ireo an-dalan-teny malaza ireo? Tao amin'ny tempolin'i Jerosalema nandritra ny fetin'ny tabernakely no nanaovany izany. Ny fetin'ny tabernakely no andro firavoravoana nahafinaritra sy nahaliana indrindra ny firenena Jiosy. Io no andro farany tamin'ny andro firavoravoana nandritra ny taona. Amin'io fotoana io dia apetraka avokoa ny entana mavesatra rehetra, ny manahirana rehetra, ary asaina mifantoka amin'ny fitahiana nomen'Andriamanitra ny olona rehetra. Mandritra ny fito andro firavoravoana dia mialokaloka ao ambanin'ny trano vita tamin'ny hazo izy ireo, Jerosalema iray manontolo dia lasa toy ny ala maitso mavana. Ireo fialokalofana vita amin'ny sampan-kazo ireo dia hita teny amoron'ny lalana rehetra manodidina sy mankany amin'ny Tempoly. Ary na dia ny tendrombohitra sy ny havoana aza dia nahitana izay toerana mahafinaritra natao hialokalofana izany ka tonga toy ny tanana mihitsy." (E. G. White, Desire of Ages, t. 448).

Ny fetin'ny tabernakely dia nanana anjara asa betsaka ho an'ny vahoaka Isiraely

1. Voalohany indrindra dia fotoana natao hanomezana fankasitrahana sy fisaorana izany. Mandritra ireo andro ireo dia misaotra an'Andriamanitra noho ny fitahiana sy fikarakarana nataony tamin'ny lasa sy ny ankehitriny izy ireo. Tsihivin'izy ireo ny fomba nitantan'Andriamanitra ny fiainan'izy ireo nandritra ny dia izay nataony ho any amin'ny tany nampantantana. Tsy tapaka na rovitra ny akanjony sy ny kirarony, ary ny mana avy any amin'Andriamanitra dia narotsany ho azy ireo isan'andro isan'andro (Deo. 8:3-4). Ary rehefa tapitra ny zavatra sarotra rehetra, dia nomena fahafahana izy ireo hankasitraka sy hisaotra an'Andriamanitra noho ny fikarakarany. Tamin'izany dia nitondra fanatitra sy zavatra sarobidy izy ireo ho fankasitrahana Azy. Ireo fanatitra ireo dia nalaina avy tamin'ny fitahiana izay noraisiny ihany. Mazava loatra fa misy taona sasany izay ahazoana vokatra betsaka kokoa noho ny hafa, saingy ny fetin'ny tabernakely isan-taona dia tsy natao hifanaraka amin'ny vokatra, ny habeny, ny harena na ny fahantrana, fa natao kosa hisaorana an'

Andriamanitra noho ireo soa izay nataony. Io fetin'ny tabernakely io dia natao ho mariky ny fahatokiany sy fianteherany amin'Andriamanitra, ny finoany fa mbola hiaro azy sy hikarakara azy Andriamanitra amin'ny hoavy.

2. Misy zavatra hafa ihany koa mampivavaka ny fetin'ny tabernakely. Fiarahan'ny vahoakan'Andriamanitra misaotra Azy. Ny rehetra - na antitra na tanora, na manan-karena na mahanana, ny avy any avaratra, ny avy any atsimo, ny avy any atsinanana sy andrefana, na avy lavitra na akaiky - dia tonga ao Jerosalema ary miara-mivory amin'ny vahoakan'Andriamanitra. Ireo olona rehetra ireo, avy amin'ny lafivalon'ny Palestina, sy ireo firenena maro hafa, dia tonga ao Jerosalema hankalaza ny fetin'ny Tabernakely. Natao mba haneho ny fiarahana any an-danitra ihany koa izany, ilay fetin'ny Tabernakely izay mbola ho avy, rehefa tafavory eo anoloan'ny ranomasina fitaratra ny voavotra rehetra. Misy toerana ho an'ny rehetra ao - na mahantra na manan-karena, na avy any avaratra na avy atsimo; na avy any andrefana na avy any atsinanana. Ireo rehetra ireo dia samy sarobidy avokoa ary harahabaina tongasoa ao amin'ilay tany nampantanaina.

3. Ny fetin'ny tabernakely dia maneho ihany koa fa fandavolana ny fiainana eto an-tany. Ireo andro sy alina izay lanian'izy ireo eo ambanin'ireo trano vita amin'ny hazo mandritra izany fotoana firavoravoana izany dia mampahatsiahy ny fiainanan'ny firenirenena, ary mbola mihoatra noho izany aza, mampahatsiahy izany fa eny andalana ho any amin'ilay tany nampantanaina izy ireo, midika izany fa mbola tsy tonga ao an-trano izy ireo. Ny fanaovana izany isan-taona dia mampahatsiahy azy ireo fa ity tany ity dia tsy ilay tanjona sy toerana natao hitodiana. Mitohy ny dian'izy ireo mandra-pahatongan'ilay andro hifanatrehan'ny amin'ny tavan'ny Mpanavotra azy.

4. Ny fetin'ny tabernakely dia fotoana ahitana fifaliana, fiadanana ary fahatsarana. Noho ny fahasovan'Andriamanitra sy ny famindrampony, ny andro fisonana dia notanterahina mialoha sy aorian'io fotoana io. Mandritra ny firavoravoana dia mahatsiaro tena ho voavela heloka ny vahoaka ary mifandray ety amin'Andriamanitra. Mahatonga azy ireo hankafy bebe kokoa sy haneho fifaliana bebe kokoa izany satria tsy misy na inona na inona manakana ny fanehoan'izy ireo ny fifaliany. Azon'izy ireo atao ny mankafy ny zavatra rehetra tanterahina, indrindra fa ny fifandraisany amin'Andriamanitra sy amin'ny hafa.

Ny maha-sarobidy ny fifandraisana ety amin'Andriamanitra sy ny tsy fisian'ny elanelana, ny fahatsapana ny fanatrehan'ny dia mahatonga ilay fotoana ho tsara lavitra sy mampitombo ny fiderana sy fankasitrahana. Iza no hamaritan'i Ellen White izany zavatra izany.

"Lasa ivon'ny fifalian'ny tany rehetra ny Tempoly. Nahitana fotoan'ny fanatitra sy sorona tao. Teto, eo amin'ny ilany ahitany ny toerana masina, no nanaovan'ny antoko mpihiran'ny Levita ny hira fankalazana. Ireo rehetra manatrika kosa dia nanofahofa ny sampan-kazo ary nihira niaraka tamin'izy ireo, injany re manakoako hatrany an-tendrombohitra ny hira fiderana ataoan'ny rehetra, na alavitra na akaiky. Rehefa alina kosa, ny Tempoly sy ny manodidina azy dia hazavan'ny hazavana manjelanjelatra. Ny feon-kira, ny hofahofan'ny sampan-kazo, ny hosanna feno fifaliana, ny vahoaka betsaka samy feno hafalina, ny hazavana maro aparitak'ireo jiro avy amin'ny tsirairay, ny akanjo tsara entin'ny mpisorona, ny fahatsaran'ny fandaharam-potoana, izany rehetra izany rehefa mitambatra dia mahatonga izay mahita izany fotoana izany ho gaga sy talanjona." (E. G. White, Desire of Ages, t. 448).

Ny hatsaran'io fotoana firavoravoana io, fenoin'ny feon-kira, hira, fiderana ataoan'ny Levita, ny fandaharam-potoana atao ao amin'ny tempoly, ireo sampan-kazo mihofahofa, ary ambonin'izay hatsarana sy firindran'ny izany, dia ny fanatrehan'Andriamanitra - ireo rehetra ireo dia mitondra fifaliana ho an'ny vahoakan'Andriamanitra. Ny olona izay manandrana ny famelan-keloka avy amin'Andriamanitra sy ny fahasovan'ny dia samy mampirindra ny aingam-panahiny ka manandratra izany ho any amin'Andriamanitra. Tsy hain'ny fon'izy ireo ny tsy hisaotra an'Andriamanitra, ary hita taratra sy ampitain'izy ireo amin'ny hafa izany fiadanana sy fifaliana izany. Izany fotoana firavoravoana izany dia maneho ny fiainana kristianina ankehitriny azy amin'ny ho avy, eo ambany fanatrehan'Andriamanitra.

Raha maneho sy mampahatsiahy ny fanatrehan'Andriamanitra tamin'ny lasa sy ankehitriny ny fetin'ny tabernakely, dia mbola manana anjara asa hafa manan-danja kokoa izy.

Natao izany mba hampahatsiahivana azy ireo fa Jesôsy no loharanon'ny famonjena sy loharanon'ny rano velona.

Mba hanatanterahana izany, dia misy fotoana manokana hanokafana ny fetin'ny Tabernakely. Toy izao no hamaritan'i Ellen White izany:

"Amin'ny andro voalohany amin'izany, dia mampaneno anjombona ny mpisorona, ny hiaka hasetrin'ny vahoaka izany anjombona izany avy any amin'ny fialofan'izy ireo tsirairay avy, manako avy any an-dohasaha rehetra any, dia maneho ny fanombohan'ny andro firavoravoana. Rehefa avy eo dia maka rano avy ao amin'ny renirano Kidrona ny mpisorona. Atsangany avo dia avo izany ary ampanenoina indray ny trompetra. Dia mandeha manatona ny Tempoly ilay mpisorona, mamindra miaraka amin'ny mozika, ny hira tohizana ihany, izay manao hoe: "Ny tongotray efa mijoro ao anatin'ny vavahadinao, ry Jerosalema ô." - Sal. 122:2. Dia entiny mankeo amin'ny alitara ilay kaopy, alitara izay hita eo afovoan'ny tabernakely. Ahitana tavy vita amin'ny volafotsy anankiroa eo. Misy mpisorona mitsangana amin'ny tsirairay amin'izy ireo. Ny rano ao anatin'ny kapoaka iray dia alatsaka ao anatin'ny tavy anankiray ary ny divay ao anatin'ny kapoaka iray hafa dia alatsaka ao anatin'ilay tavy iray faharoa. Ireo tavy roa ireo dia samy manana fantsona iray mampifandray azy ireo amin'i Kidrona, dia any amin'ny ranomasina maty. Maneho ny rano voahasina sy nomen'Andriamanitra tamin'ny alalan'ny vatolampy tany an'efitra ho an'ny zanak'i Isiraely izany sary izany.

Avy eo dia manao hiakam-pifaliana izy ireo: "Indro Andriamanitra no famonjena ahy; dia hatoky aho fa tsy mba hatahotra; fa Jehovah Tompo no heriko sy fiderako; fa efa famonjena ahy Izy. Koa amin'ny fifaliana no hatsakanareo rano amin'ny loharanom-pamonjena." - Isa. 12:2, 3" (E. G. White, Desire of Ages, tt. 448-449).

Io fomba amam-panao tanterahina isan'andro mandritra ny fotoana firavoravoana io dia maneho an'i Kristy ilay vatolampy hipariahan'ny rano ho an'ny zanak'Isiraely izay mandray izany rano izany ao anatin'ny firenirenena ihany koa, Izy ilay sorona ilaina ho an'ny famonjena azy ireo. Jesôsy Ilay Mesia no ivon'izany andro firavoravoana izany. "Io vatolampy io dia maneho Azy, izay tamin'ny alalan'ny fahafatesany, dia nanome fahavelomana sy famonjena ho an'ireo rehetra izay mangetaheta ... Mba hanoherana an'i Kristy, Satana dia nihevitra ny hamotika ny Andrian'ny Fiainana, saingy avy amin'izany vatolampy nokapohana izany no nivoahan'ny rano velona." (E. G. White, Desire of Ages, t. 454).

Tamin'ny andro farany tamin'ny firavoravoana no nitenenan'i Jesôsy ireto teny manaraka ireto. "Raha misy olona mangetaheta, aoka izy hanatona ahy ka hisotro, izay mino Ahy dia hisy onin'ny rano velona hiboiboika avy ao amin'ny kibony" - Jao 7:37-38. Hitantsika ao amin'ny boky "Desire of Age" fa nahazendana izay nihaino azy izany teny izany:

"Ny ankamaroan'ireo olona nandre an'i Jesôsy nalahelo noho ny fahapotehan'ny fanantenany, maro tamin'izy ireo no nanana faniriana manokana tao am-pony tao, maro ireo nikatsaka ny fahafaham-po sy ny fampintoniana ny filàny sy ny fahafaham-pony amin'ny zavatra ny tany sy ny voninahitra avy amin'ny olona. Saingy na dia azony aza izany rehetra izany, dia hitan'izy ireo fa toa manangona amin'ny kitapo loaka ihany izany ireo, manangona avy amin'ny loharano efa ritra ka tsy mahazo izay mahafa-po azy sy izay tena afaka hanala ny hetahetany. Mahafantatra ny ilain'ny fanahy tsirairay Jesôsy. Ny dera, harena, voninahitra dia tsy hitondra fahafaham-po." (E. G. White, Desire of Ages, t. 454)

Mahavariana fa Jesôsy dia tonga lavitra mihoatra noho ireo sary an'ohatra ireo. Tsy nilaza fotsiny Izy hoe hahafaka hetaheta ilay rano velona avy eo amin'ny vatolampy fa nambarany ihany koa fa izay misotro izany rano izany dia hisy rano miboiboika avy ao amin'ny kibony. Izany hoe, ho TONGA loharanon'ny ranovelona mihitsy ilay olona.

Fampiharana ny hafatra

Ahoana kosa ary ny mahakasika antsika? Inona no asehon'izany sary izany antsika izay miaina amin'ny taonjato faha-21? Misy zavatra entin'ny fetin'ny tabernakely ho antsika ve amin'izao vanin'andro iainantsika izao?

Tsy isalasalana fa ny fanasana atolotr'i Kristy ho antsika mba handray anjara amin'ny andro firavoravoana dia mbola mitoetra hatrany. Amin'ny alalan'izany fety izany dia miteny mivantana amintsika Izy. Ny sary an'ohatra asehon'ny fetin'ny tabernakely dia ho tonga zava-misy eo amin'ny fiainan'ireo izay handeha hijoro eo anoloan'ny ranomasina fitaratra sy ireo izay misotro eo amin'ilay vatolampy. Ireo izay misotro ny rano velona dia haneho ny hevitra ny fetin'ny firavoravoana eo amin'ny fiainany. Andeha isika hijery ny fomba fampiharana izany hevitra ny fetin'ny firavoravoana izany eo amin'ny fiainantsika:

- Ireo vahoaka izay hanatrika ny fetin'ny Tabernakely any an-danitra dia hahay hankasitrika. Impiry isika no mba mahatsiaro fa ny zavatra tsara rehetra eo amin'ny fiainantsika dia avy amin'ilay raintsika izay any an-danitra? Impiry isika no mahay mankasitrika, na dia kely noho ny an'ny namantsika aza no ananantsika? Impiry isika no miresaka ny amin'ny fitahiana nataon'Andriamanitra tamintsika? Maneho ny fankasitrahana sy mijoro ho vavolombela amin'ny manodidina antsika mahakasika izany fitahiana izany ve isika? Fantatsika ve izany tombontsoa azo avy amin'ny fo feno fankasitrahana sy ny hahatonga izany ho fitahiana indray ho an'ny fiainantsika ihany? Aoka isika hahatsiaro mandrakariva fa ny

Baiboly dia mampianatra antsika ho feno fankasitrahana sy fahafaham-po? Arakaraka ny hanovozantsika ao amin'ilay rano velona, no hitomboan'ny fankasitrahantsika sy ny fianteherantsika amin'Andriamanitra.

- Ny vahoaka izay hanatrika ny fetin'ny tabernakely any an-danitra dia hahatakatra avy hatrany, ary handray anjara amin'ny fanehoana ny endriky ny fanjakan'Andriamanitra. Asehoko eo amin'ny fiainako ve ny finoako fa ny Tompo dia Tompon'ny firenena rehetra? Mandray anjara ary manana ny toetra tsara asehon'ny fetin'ny tabernakely any an-danitra ve aho, any mantsy ny olona rehetra dia hiaraka, avy amin'ny lafy valon'izao tontolo izao, ny firenena rehetra, ny saranga rehetra, ny salan-taona rehetra. Karazan'olona manao ahoana no horaisiko sy hotoamiko hanatrika izany fetin'ny tabernakely any an-danitra izany, rehefa tonga any amin'ilay tany nampanantenaina? Samy mangetaheta avokoa izy ireo. Samy mila izany rano velona izay fantatrao izany. Izao no lazain'i Jesôsy, "Na iza na iza mangetaheta". Na iza na iza—tsy misy resaka foko na firazanana na antokompivavahana. Maimaim-poana ho an'ny rehetra izany rano izany. Izao ihany koa anefa no nolazain'ny apôstôly Paoly: "Ary ahoana no fino izay olona tsy reny? Ary hataony ahoana ny fandry raha tsy misy mpitory?" - Rôm. 10:14.

- Ny vahoaka izay ho any amin'ilay fetin'ny tabernakely any an-danitra dia hahatakatra fa mandalo izao fiainana izany. Nisy olona nilaza fa miaina mifandray amin'ny mandrakizay isika, saingy matetika isika no manadino izany ka manorina trano maharitra ho solon'ny trano lay izay tokony haorintsika. Tsaroantsika ve fa ny tena manan-danja dia izay azontsika entina mankany an-danitra – ny toetrantsika, ny zanatsika, ireo olona tiantsika? Andeha hataontsika ho lohalaharana izany ary andeha hataontsika azo antoka fa mifindra monina mankany an-danitra isika ary manao izany miaraka amin'ireo olona izay tia antsika sy mihevitra ny mahakasika antsika.

- Ny vahoaka izay handeha ho any amin'ilay fetin'ny tabernakely any an-danitra dia hampihatra fiainana feno fiadanana, fifaliana sy hatsarana. Efa tsikaritra ve fa ny olona izay manana fifandraisana tsara sy mahafinaritra amin'Andriamanitra sy ny hafa dia faly mandrakariva ary maneho hatsarana amin'ny hafa, mampahery azy ireo, maneho hatsarana eo amin'ny hafa manodidina azy. Raha tsy hitanao ao am-ponao izany hira fiderana an'Andriamanitra izany dia aoka ianao hanokana andro hataonao ho andro fibebahana ho an'ny tenanao manokana. Efa firy volana ianao izay no nanatanteraka ny toy izany? Mila manao izany indray ve ianao ankehitriny? Mahatsapa ve ianao fa voavela heloka ary namela ny hafa ihany koa? Matetika ny olona malahelo no manao izay mampalahelo ny hafa. Ny siny vaky iray dia tsy afaka ny ho tonga loharanon'ny rano velona na oviana na oviana. Ny lava-drao ritra dia tsy afaka ny hanome rano velona ho an'ny mangetaheta. Mila mamerina amin'ny laoniny ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra isika mba hahafahantsika mifaly eo amin'ny fiainantsika, mifaly amin'ny fanompoantsika an'Andriamanitra, mifaly amin'ny fanompoantsika ny hafa ary mizara fifaliana sy hatsarana amin'ny hafa.

- Ny vahoaka izay ho any amin'ny fetin'ny tabernakely any an-danitra dia tonga loharanon'io rano velona io ihany koa. Ny fiainan'izy ireo dia haneho fa novonjena tamin'ny fahasovan'i Jesôsy Kristy izy ireo ary feno ny herin'ny Fanahy Masina. Miresaka ny amin'ny Fanahy Masina Jesôsy raha niteny hoe: "Izay mino ahy dia hisy onin'ny rano velona hiboiboika avy ao amin'ny kibony, araka ny voalazan'ny Soratra Masina" - Jao. 7:38. Izao ihany koa no vakintsika: "Ary ny Fanahy izay efa horaisin'ny mino azy no nolazainy tamin'izany" - Jao. 7:39. Mivavaka isika mba hahazo ny herin'ny fanahy, miandry ny ranonorana farany isika, saingy manatanteraka ny anjarantsika ve isika mba hahafahana mandray izany? Migoka isan'andro ny tenin'Andriamanitra ve isika mba hahatonga antsika ho feno rano velona ka ho lasa loharanon'ny rano velona?

Ny divay sy ny rano mandritra ny fetin'ny tabernakely dia nafangaro ary lasa niaraka nalefa avy ao amin'ny Tempoly ho any amin'ny Ranomasina maty. Ny iray dia maneho ny sorona nataon'i Jesôsy, maneho ny fahafatesany; ny iray kosa dia maneho ny fanavaozana indray, fiainana vaovao,

maneho ny fiakaran'ny hetaheta, maneho ny herin'ny Fanahy Masina. Ireo zavatra roa ireo dia tsy maintsy mandeha mifampitantana na dia amin'ny fiainana ara-panahintsika aza. Tsy maintsy maty ao amin'i Kristy isan'andro isika ary mitsangana amin'ny maty isan'andro ao aminy mba hahazoantsika manolotra fiainana ho an'ny ranomasina maty eto amin'izao tontolo izao. Andeha hanontany ny tenantsika isika: loharano avy aiza no hisotroako rano? Avy amin'ny siny vaky ve? Rano maloto tahaka ny an'i Evans Monsignac ve no anovozako rano? Sa avy amin'ny loharanon'ny ranovelona? Efa matin'ny hetaheta ny tontolo misy antsika ankehitriny, ary tsy misy na inona na inona mety hahafa-po afa-tsy ny rano velona izay mamelombelona ny fanahy. Mihevitra ny hafa izay matin'ny hetaheta kanefa tsy mahafantatra ny toerana mety hahazoana rano velona ve aho?

Nandritra ilay resaka nifanaovany tamin'ilay vehivavy tao Samaria dia nilaza ny mahakasika izany ihany koa Jesôsy: "Izay rehetra misotro ity rano ity dia mety mbola hangetaheta indray; fa na iza na iza no misotro ny rano izay omeko azy dia tsy hangetaheta mandrakizay. Fa ny rano izay omeko azy dia ho loharano miboiboika ao anatin'ny ho fiainanan mandrakizay." - Jao 4:13.

Famintinana

Tantaran'ny ankizy vavy iray izay vao avy nandalo fandidiana ity tantara ity. Rehefa vita ny fandidiana dia tsy navela hisotro rano aloha izy nandritra ny fotoana fohy. Sady narary izy no nangetaheta. Tsy nanaiky hanome rano azy ny reniny na dia nangataka izany mafy aza izy. Tsy azon'ilay zaza mihitsy ny anton'ny nanaovan'ny reniny izany zavatra izany. Tena nange-taheta mafy izy ary efa tsy tantiny intsony mihitsy. Narahin'ilay reny tsara ny toro hevitra ny mpitsabo mpanampy, nolemany rano ny lamba iray, avy eo dia nataony teo amin'ny molotr'ilay zanany. Niaraka nijaly tamin'ny zanany izy saingy tsy maintsy nataony izany satria tiany ho salama haingana izay zanany. Natory ilay zazavavy, tampotampoka teo dia nikiakiaka izy sady nitomany. "Nahoana ianao no mitomany?" Hoy ilay reniny nanontany. "Inona no nofisinao?"

"Nanofy nahita ranomasina feno rano aho" hoy ilay zazavavy. "Nankeo aho. Feno rano teo, mba te hisotro aho, saingy mangidy be ilay rano sady masira loatra hany ka tsy laniko. Fa maninona?" Hoy izy nitomany. "Maninona misy rano be dia be kanefa tsy mahazo misotro aho?"

Ry namako, tsy mitovy amin'io tovovavy vely kely io isika, tsy mila mijaly intsony isika. Manasa antsika Jesôsy mba hanatona ilay ranon'aina mahavelona mba hanala ny hetaheta-pontsika, hamelombelona ny fanahintsika ary hanova ny fiainantsika. Araka izay nambaran'ny mpaminany Isaià manao hoe: "Ny ory sy ny malahelo mitady rano fa tsy mahita, ary ny lelany mainan'ny hetaheta. Izaho Jehovah no hihaino azy, Izaho Andriamanitra ny Isiraely tsy hahafoy azy; hampiboiboika renirano eo amin'ny tendrombohitra mangadihady aho; ary loharano ao amin'ny lohasaha. Hanao ny efitra ho farihy Aho; Ary ny teny karakaina no loharano miboiboika." - Isa. 41:17-18. Io loharano velona io no hiteraka voan'ny Fanahy Masina eo amin'ny fiainantsika, toy ny fitiavana, fifaliana, faharetana, fahatsaram-panahy, finoana, fahatokiana, fahaizana mifehy tena. (Gal. 5:22-23).

Inona no ilana rano maro be raha toa ka tsy ampiasaina akory? Atao inona rano be dia be raha tsy hosotroina akory? Na ihany koa, atao inona ranobe raha toa ka tehirizintsika ho antsika samirery izany fa tsy zaraintsika amin'izao tontolo izao izay efa ho fatin'ny hetaheta?

Aoka tsy hohadinointsika fa hiatrika ilay fetin'ny tabernakely any an-danitra isika. Aoka ireo hevitr'izany fety izany mba ho tonga fiainantsika amin'ny andavan'andro. Aoka ho Jesôsy – izay ivon'io fety lehibe sy tandindona io – no ho ivon'ny fiainantsika ihany koa ankehitriny. Aoka isika mba hamaly ny antso ataon'Andriamanitra isan'andro amin'ny fanasany antsika hanatona azy mba hisotro ilay rano velona. Dia ho hitantsika sy ho azontsika ireo hetahetantsika. Ny fiainantsika dia ho tonga loharanon'ny rano velona izay mitondra ho amin'ny fiainana mandrakizay.

Galina Steele

ANTOM-BAVAKA MANOKANA

Vavaka ho an'ny fidiram-bolan'ny mambran'ny fiangonana rehetra – mba ho mahatoky ny tsirairay avy ka hahita sy hahatsapa ny tanan'Andriamanitra mitahy azy.

1. <http://www.telegraph.co.uk/news/worldnews/centralamericaandthecaribbean/haiti/7530686/Buried-for-27-days-Haiti-earthquake-survivors-amazing-story.html>